# BAKAJIKA MUANA NKUBA

# TAFATSOAKA NY AFOBE

*Zaïrois mpanao majika lehibe iray nandao an'i Losifera mba hanara-dia an'i JESOSY KRISTY*

Teraka tamin'ny 1959 tao anatin'ny misiona katôlika any Zaire I BAKAJIKA MUANA NKUBA. Na dia mbola tanora aza dia tena tafiditra lalina tamin'ny majika rehefa nataomin'ilay pretra iray tao amin'ny paroasiny.

Ity farany ity izay zana-drahalahin'ny Pape maty vao haingana, tsy nianona fotsiny tamin'ny fampianarana ny majika pratika, fa mbola nitaona azy handeha lavitra kokoa tany amin'ny hantsana sy tevana lalin'I Satana.

Hain'I BAKAJIKA vetivety ny nivoaka avy tao amin'ny vatany tamin'ny fanahy, mba hitsidika ny toerana maizin'ny tsy hita maso, izay anjakan'I Losifera.

Nihevitra izy hatramin'izay fa nanompo an'Andriamanitra, fantany ihany taty aoriana hoe iza no tena tompony tamin'izany, nefa tsy afaka ny nanafaka ny tenany intsony izy.

Noho ny famindram-pon'Andriamanitra, ny Tompo Jesosy Kristy, izay niseho taminy dia novonjeny izy ka nafahany tanteraka mba handray Azy sy hanompo Azy.

Voninahitra ho an'ny Anarany mahery

## *FANOROAM-PEJY*


***FITARIHAN-TENY*......2**

**FIZARANA 1: NY FIANDOHAKO TAMIN'NY MAJIKA ......2**

**FIZARANA 2 : LE CIMETIERE** *(fitambarana toerana fandevenana, na fasana maromaro)*......**9**

**FIZARANA 3: NY LALINA TSY MISY FARANY ......14**

**FIZARANA 4 : NY TONTOLON'I SATANA SY NY FIHAONAKO TAMIN'I LOSIFERA......21**

**FIZARANA 5: ROMA, ILAY BABYLONA LEHIBE......27**

**FIZARANA 6: NY NIOVAKO FO ......33**

***FAMARANANA*......37**

# FITARIHAN-TENY

Dera, voninahitra, hery, fiandrianana sy fisaorana anie ho an' i Jesosy Kristy Tompo noho ny fanomezany maimaimpoana sy famonjena ho an'ny fanahiko.

Noho ny fitadiavako ny fiainana tonga lafatra sy ny hery ombam-pahefana dia latsaka tao anatin'ny haraton' ny Devoly aho ary tena voasingotra ka tsy afa-niverin-dalana intsony tamin'ny herin'ny tenako.

Ankehitriny kosa noho ny famindrampon'ny Tompo izay nitsinjo ahy mandrakariva, dia efa mitodika eo amin'ilay fahazavany mahatalanjona sy mahate-ho tia aho!

Inona no havaliko an'i Jehovah noho ny soa rehetra nataony tamiko? (Salamo 116:12)

Noho izany ny vavako dia tsy hangina na dia kely aza, ary ambarako amin'ny feo mahery ny zava-tsoa rehetra nataony. Satria ny fanahiko dia efa afaka tahaka ny vorona afaka tamin'ny fandriky ny mpihaza; tapaka ny fandrika, ka afaka isika. (Salamo 124:7)

Fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina na niditra tao am-pon'ny olona na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho azy. (1Korintiana 2: 9)

## FIZARANA 1: NY FIANDOHAKO TAMIN'NY MAJIKA

### Ny mombamomba ahy:

Teraka tamin'ny 22 Septembre 1959 tao anatin'ny misiona katolika tao MIKALAYI any KASAY andrefana (Zaira). Zaza faha-efatra aho taminay folo mianadahy, ary rehefa maty ny lahimatoa taminay dia lasa izaho no matoa tamin'ny lehilahy.

Folo taona taty aoriana tamin’ny 1969 dia natao Batemy tao amin’ny fiangonana katolika Masindahy Bruno tao KANANGA aho, ary dia notezaina tamin’ny foto-pinoana katolika ary tena nafana fo tokoa tamin’izany.

Malemy paika sy tia fihavanana aho ary tamin’izay dia efa nanomboka nandray anjara tamin’ny fanatanterahana ny lamesa tao am-piangonana. Notaizan’ny Pretra tao amin’io fiangonana io, tao anatin’ny fikambanana kely “Les Croisés” ny tenako sy ny ankizy mitovitovy taona amiko. Ny tanjon’io fikambanana io mantsy ny famporisihina anay hanompo ny lakroa sy ny hanao ny ainay tsy ho zavatra amin’ny asa ao amin’ny fiangonana sy ny fikambanana.

Taorian'ny Croisé dia niakatra ho kiro aho, ary nandalo tamin'ny Skoty ary farany, dia lasa namana mahafatra-po teo amin'ny asa fanompoana tamin'ny lamesa. Noho ilay toetrako tia fihavanana dia maro ny olona no nanoro hevitra ahy ho tonga pretra.

Tamin'ny fotoana nahafatesan'ny zokiko lahimatoa dia mbola kilasy fahadimy aho. Izany fotoana izany no nananako fikorotanan-tsaina noho ny zava-nitranga satria ireo fanantenana rehetra izay napetraky ny fianakaviako tao amin’io zokiko io dia nirodana daholo.

Tsapako fa nitombo tato anatiko ny fitiavana hamaly faty noho ny fahafatesan'ny zokiko Lahimatoa ary izany fihetseham-po izany dia niha-nitombo isan'andro.

Nanomboka nanantona mpimasy sy mpanao magie aho, tahaka ny nataon'ny ray aman-dreniko; mba ahafahako mivelona, ary ahafantarako izay namono ny rahalahiko. Izany rehetra izany anefa dia tsy nampafantariko ny ray aman-dreniko saingy izany rehetra izany dia tsy nahafa-po ahy. Ary noho izany dia nanatona mpahita iray aho, ka nanomboka niresaka tamin' ny maty sy ny fanahy hafa ary niafina tany amin' ny trano fivoahana (WC) rehefa manao izany. Izany rehetra izany anefa dia tsy nanampy ahy hahafantatra ny marina teo amin'ny fikarohako. Izany no fomba namohako varavarana ho an'ny devoly izay efa namela-pandrika ho ahy. Latsaka aho, satria efa voafafiny tato anatiko ny iray tamin'ireo voa ratsiny: dia ny tebiteby.

**<u>Teo am-pikaroana zava-miafina ( misitery )</u>**

Nanomboka tamin'ny fotoana nifaneraserako tamin'io mpahita io no nahatonga ahy hirona tamin'ny fandinihana lalina (Méditation). Satria nanomboka tamin'ny ambaratonga ambany indrindra, dia ny firesahana tamin'ireo fanahy tao amin' ny trano fivoahana (WC) aho, ary mbola nazoto niditra lalindalina kokoa tao amin'ny lavaka lalin'i satana.

Noho ny hetaheta tsy voafehiko dia nanatona tovolahy iray aho, izay lavitra ny misy anay, atao hoe: NTUBA DUCOUP izay niantso ilay zazavavin-drano atao hoe : Mami Wata. Nanao fahagagana izy ary nahay nanamboatra vola, tamin'ny alalan'ny fahaizana manokana, izay mazika ary koa firavaka maro isan-karazany, izay nampiasainy ho amin'ny fiarovana, fitiavana, fandraharahana sy amin'ny zavatra maro hafa koa.

Saingy na dia nahita izany sy nitsapa izany tamin'ny tenako mihitsy aza aho dia mbola tsy nionona ihany ny foko. Ary tsapako fa voatery aho tsy maintsy mbola hanohy ny fikarohako mandrapahafak'izany hetahetako izany. Tsy nisy niahiahy ahy na dia efa alim-be aza aho vao mankany aminy. Noho ny toetrako mipetrapetraka dia miaro ahy daholo ny olona ao amin'ny fokontaniko, na dia misy aza ny mahatsikaritra ny zavatra ataoko.

Nandritry ny fotoana izay niantsoako ilay zazavavin-drano anefa tsy nety afa-po aho, ary tsapako hatrany ilay banga tato anatiko. Hoy ny fitenenana hoe: ny rano miandrona mitelina olona. Tsy nisy afaka niampaka ahy satria ny olona rehetra dia nahafantatra ny momba ahy avokoa. Izany no ampaherezako ny rahalahy sy ny anabavy rehetra, ao amin'ny Tompo, mba hitsara hatrany araky ny fanahy fa tsy ny toetra ivelany. (I Korintiana 2: 10-11)

Nandritry ny fotoana izay niarahako tamin'ilay zazavavin-drano dia niezahako ny nandrosoan'ny fikarohako ho lalindalina hatrany, ary dia vitako hatramin'ny nandondona ny varavaran'ny mpimasy malaza malaza indrindra tao KANANGA, izay afaka nandatsaka varatra tamin'ny fomba tsy natoraly, ary nahavita fahagagana maro. Ohatra amin'izany ny nampitsanganany ahy teo ambonin'ny vilany tanimanga nefa tsy vaky izy amin'izany fa vao maika nitondra ahy nihodidina ny trano. Nefa izany dia tsy mbola nahafantarako izay namono ny rahalahiko mihitsy.

Ary rehefa hitako fa tsy nahavaly ny fanontaniako izany rehetra izany dia nialako, nefa mbola notohizako ihany fikarohako; ary izany dia nitondra ahy lalindalina hatrany tao amin'ny lavaky ny fahamaizinana.

**Ny nahalalako ny marina**

Tapitra ny fe-potoan’ilay Pretra izay fantatray. Pretra roa hafa no nandimby azy. Nijanona ho namana mahery fo hatrany aho nifankahazo tsara izahay. Dia mbola nandray Pretra (Curé) iray ihany izahay, izay teratany Italiana, ary nanana Havana, Pretra Katolika izay efa teto aminay taona vitsivitsy. Manarak'izany, izy dia iray amin'ny zanak'olona mpiray tampo amin'ny Pape Paul VI. Vetivety izy dia talanjona tamin'ny toetrako, ary dia liana manokana ny amiko. Tiany ny mampiantso ahy mba hiresadresaka ny olana eo amin' ny fiainako, ny fikasako tamin' ny ho avy, sns .... Izy io dia lehilahy lava ranjanana, tia fiantrana. Nefa tao ambadik'izany toe-batany izany dia nisy zava-miafina lalina. Indray alahady hariva, taorian’ny lamesa, dia nomeny fotoana tany aminy aho, taorian’ny tamin’ny fito ora hariva. Nahafaly ahy izany fanasana ahy izany, ary nataoko ny fomba rehetra mba hahamarim-potoana hay. Azoko an-tsaina avy hatrany ny mety ho resakay amin’izany fa hiompana amin’ny asa fanompoana ao am-piangonana. Kinanjo, tsy arak’izay loatra ny fandehan-javatra fa nitohy tamin’ny endrika hafa.

Niara-nisakafo izahay tamin'io hariva io. Ary toy izao ny fomba niantombohan'ny resaka: ianao no tiako indrindra amin’ireo zatovo mitovy taona aminao, izay manao ny asa fanompoana eto amin'ny paroasy. Izany no antony niantsoako anao, mba hahafahako manambara aminao zava-dehibe maro, hitantananao ny fiainanao. Ary ny fahitako ny fiainanao fa tandindonin-doza no nahatonga ahy hampandre anao mialoha. Olona sivy ao amin'ny fianakavianao, izay samy mpanao ody (mpamosavy) avokoa, no namono ny rahalahinao, ary ankehitriny dia mifofo anao koa Izy ireo. Noho izany te-hiaro anao aho. Notanisainy tamiko ny anaran'izy ireo, ary dia resy lahatra aho ny amin'ny fahamarinan'izay nolazainy satria na ny faritra izay tsy mbola hitany aza dia fantany avokoa. Tonga tamin'ny tanjona notratrariko aho ! Nahafaly ahy ny nahafantatra sy nahalala izay nokatsahiko (notadiaviko), ary fantatro ankehitriny ireo izay namono ny rahalahiko.

Kanefa olana hafa indray izao no atrehiko satria tandindonin-doza ny aiko, ka nahatonga ahy hametra-panontaniana taminy hoe: inona no atao mba hiarovana ahy? Rehefa avy nandinika kely anefa izy dia nilaza tamiko fa tsy misy atahorana ny amin’izany, ary nolazainy fa manana ny fomba rehetra hiarovana ahy amin'izany izy; fa kosa hijanona ho anay ihany izany rehetra izany. Ary dia nianiana taminy aho fa afaka mahatoky ahy izy. Niaraka tamin' izay dia nomeny takelaka baoritra iray aho, tokony ho 10 cm ny lavany ary 6 cm nysakany, ary zazalahy kely iray miankanjo tsara no hita teo, ary teo ambanin’ilay sary dia nisy soratra nanao hoe: vavaka amin'ny "L'Enfant Jésus Prague". Ary tao ambadika dia nisy vavaka in-3 miantoana izay tsy maintsy averiko isa-maraina vao mifoha, ary isaky ny hariva alohan’ny matory, mba hananako fahatokisana amin’ny fiarovana ahy.

Izany dia nanome antoka ahy ny amin’ny fiarovana, tsy amin’ny ara-nofo ihany, fa indrindra ny ara-panahy. Nanjary nanana fomba fijery manokana an'ilay Pretra aho satria tsapako fa dia manana fifandraisana amin’Andriamanitra izy. 12 taona aho ary kilasy faha-6 tao amin’ny ambaratonga voalohany, tamin’izany fotoana izany, raha tafiditra tamin’izany zava-miafina rehetra izany. Andro vitsivitsy taty aoriana, dia nilaza tamiko ilay Pretra fa azoko ampiasaina amin’ny fianarako io vavaka io, araka izao fomba manaraka izao: ataoko lisitra ny anaran’ireo ankizy rehetra mpiara-mianatra amiko ary asiako salan’isa tsirairay avy araka izay tiako, ary rehefa vita izany dia averiko indray ireo vavaka amin’io lisitra io ka izaho no mametra ny valim-panadinana dia araka izay nalahatro tamin’ilay lisitra izay nataoko mialoha no notononin’ilay mpampianatra. Ary toy izany ny fomba nahazoako hatrany ny laharana izay tiako.

Izaho dia mampirisika ireo ray aman-drenin' ireo mpianatra kristianina ireo mba hitondra am-bavaka tsara ireo zanany. Mety misy amin'izy ireo no maranin-tsaina, fa tsy mahazo salan'isa tsara, ka mba tsy hibedibedy azy foana, fa MIVAVAHA ho azy ireo satria tsy fantatra izay mety ho herin'ny fanahy ratsy mety mahazo azy ireo. Ny vavaka no hery lehibe indrindra eto ambonin 'ny tany

Nahafaly ahy mihitsy ny nahafantatra an'io zavatra nomen'ny pretra ahy io, izay nantsoina hoe: ilay endrika tokana sady marin'ny majika. Ary rehefa naheno azy nanonona ny teny hoe majika aho, dia naniry ny hahafantatra misimisy kokoa; satria noheveriko fa Andriamanitra no miasa toy izany aminay. Dia nasainy natoky fotsiny aho mba ahafahako mahita ny zava-miafin'ny fiainana mandeha ho azy. Toy izany ny fandehan-javatra namatotra ahy.

Noheveriko fa Andriamanitra irery ihany no afaka manome ny tena majika. Afaka mamboraka ny tsiambaratelo rehetra, manome ny fahombiazana eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona rehetra izay ataony MAIMAIM-PQANA noho ny fitiavany ny zanak' olombelona. ***Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana (Jaona 10:10)***

Nisy sarika mahery vaika nitondra ahy nakany amin'ny fahafatesana, na dia tsy tonga saina tamin'izany aza aho. Toa tsapako ho nahasambatra ahy ny fiainako, teo ambany fitahian'Andriamanitra tsy misy fepetra na sarany na takalony. Ary ny mpangalatra no nitarika ahy tsikelikely hiala ivelan' ny vala. Nampiasa an' io Pretra io izy, izay, raha ny fijery azy ivelany dia olom-bavaka, nangalatra ahy tamin'ny alalan'ny fampahafantarana ahy ny anaran'ireo mpanao ody (mpamosavy) tao amin'ny fianakaviako. Izany antony izany no naharesy lahatra ahy fa olo-marina io Pretra io, dia arak'izay niheveran'ny olona azy fa olon'Andriamanitra ihany koa.

Satria ny mpangalatra dia nahazo ahy ary nitarika ahy ivelan'ny vala, ny vokany dia nanjary nanana fihetseham-po tsy dia tsara intsony aho teo amin'ny fomba fieritreretana an'Andriamanitra, teo amin'ny asa fanompoana tao am-piangonana, sns… Ary nanjary nahalana ny fankanesako any amin' ny paroasy. Ary rehefa nandefasan'ilay Pretra olona aho, mba hiverina handray ny asa fanompoako, dia roboka tao mandra-paha-tsy nahafahako niverin-dàlana intsony noho ireo fanambaràna (revelations) marobe azoko. Ohatra: teo amin'ny fandresena mora foana ny olam-piainana na sakam-piainana, ny famehezana ireo hery tsy hita maso izay nananako, sns…

***Ny fahasimbana dia mitranga eo amin'ny fotoana hanaovana fifanarahana amin'ny devoly (pacte). Ary ny devoly dia manisy ny tombokaseny eo amin'ny fanahin'ny olona ary mandray an-tànana tanteraka ny fitantanana ny maha-izy azy rehetra; amin'izay fotoana izay no tanteraka ny fahasimbana mankany amin'ny afobe.***

**<u>Fomba fampianarana ny asa fanaovana majika</u>**

Fantatry ny tompoko ny adin-tsaiko, dia ny hitombo fahalalana hatrany ka nahatonga azy nilaza tamiko, indray andro, ny hisondrotana ho amin'ny ambaratonga ambonimbony kokoa. Ary tamin'io andro io no nanomezany ahy boky lehibe iray izay mitondra ny lohateny hoe: **Traite méthodique de la magie pratique** izay nampisokatra ahy bebe kokoa teo amin'ny tontolon'ny hery miafina.

Io boky io dia mirakitra vavaka maro sy formule hamahana karazana olam-piainana, mba hipnôtizena olona hanaovana fanova-maso ary hanaovana zava-mahagaga kelikely, tahaka ny manova fasika ho siramamy, ravin-taratasy ho vola, ravin- kazo ho tonga hareza, fanamboarana atody sy zavatra maro hafa koa. Manome hareza matetika ho an'ny papako aho, ary mahagaga azy izany noho ny lokony maintso avy amin'ny ravin-kazo nanaovana azy.

Tamin'izany sehatra izany ihany no nahaizako niantso fanahy maro samy hafa izay eny amin'ny planeta samy hafa. Ary tamin'izany no namantarako :

• Ny fanahy miasa eny amin'ny volana, ny asany dia mandranitra ny eo amin'ny lafiny fitiavana.

• Eo amin'ny Jopitera no misy ny fanahin'ny fisarantsarahana ary ny asany dia miteraka aretina, mamafy fifankahalana sy fifandirana ary manome fanahy hiaro amin'izay rehetra mila izany.

• Ny fanahy izay monina eny amin'ny planeta Merkiora kosa dia manana asa mihantsy faniriana hanana zavatra tonga lafatra ary mampitsiry ny faniriana amin'ny zavatra izay mahafinaritra ny mason'ny olombelona.

• Ny fanahin'ny Masoandro dia manome aretina maro isan-karazany, toy ny aretin'andoha (hydropsie ) sns .....

**<u>Ny fomba fanamboarako vola taratasy</u>**

Tanterahiko avokoa izay rehetra fantatro mba ahafahako manaporofo marina fa mihoatra lavitra noho ny fahefana ananan'ny olona ny ananako, ary dia nanana fieboeboana lehibe aho tamin'izany. Taratasy duplucateur no nanamboarako vola, hetezako tsara araka izay haben'ny vola ilaiko izany; fonosiko mosoara fotsy izany rehefa vita, ary mampirehitra labozia mena roa aho sady mitanisa vavaka vitsivitsy, ao anatin'ny dimy minitra dia mivadika ho vola ireo, nefa dia tsy maintsy laniana alohan'ny filetehan'ny masoandro, na hoatrinona na hoatrinona ny vola namboarina, fa raha tsy izany dia miteraka aretina ho ahy izany na fikorotanan-tsaina mandritran'ny fotoana fohy.

**<u>Ny fomba nitondrako ny fiainako</u>**

Satria manomboka mivelatra amin'ny fiainana aho ankehitriny dia tokony handray an-tanana ny fiainako. Nefa kosa ***Jesosy Kristy no Fiainana (Jao 14. 6)***. Fa tamiko ny fandraisana an-tanana ny fiainako dia midika ho fandehanana any amin'ny lalan'ny fahapotehana. Misy vavaka koa nampiasaiko mba hanintonako ireo tovovavy. Rehefa avy manao asa majika vitsivitsy aho, ny hany hataoko dia manoratra taratasy any amin'izay tovovavy nofidiko, na dia nanosi-boantanana ahy aza izy taloha; mba hanekeny ahy amin'ny faniriako, ny taratasy dia nosoratako taorian'ny niantsoako ny herin'ny maizina tsy hita maso. Indraindray dia miantso koa ireo fanahy izay mipetraka any amin'ny volana aho mba hambaboako ny fanahin'ilay tovovavy. Ao anatin'ny fotoana fohy monja na dia tsy miraharaha ahy aza izy, dia izy indray no tonga mitady ahy satria voabaikon'ireo fanahy izay nantsoiko hiasa aminy izy, mandrampahatonga azy ho eo ambany fahefako.

**<u>Ny fomba nialako tamin'ireo voababoko</u>**

Rehefa te-hiala amin'ny tovovavy izay nobaboiko aho, dia manao indray ireo fombafomba fanao ary miantso ny herin'ny maizina tsy hita maso, mba ho faty tahaka ny vy mahamay midorehitra atao ao anaty rano ny filany ahy, ary tsy afaka hiverina hiaraka amiko intsony izy.

Tsara ny mahafantatra sy manamarika; fa ny fanahy antsoina dia mitondra ny anarana hoe “Adonaï”. Izany hoe anisan’ny anarana iray entina iantsoana ny Tompo ao amin’ny Baiboly. Nefa izany dia mba handresen-dahatra an-kolaka fotsiny ihany.

**Ny fomba hampitoniako ny toe-zavatra**

Rehefa sendra olana lehibe aho dia manao vavaka anankiray; mba hampitony ny fandehan-javatra. Ary amin'ny sasak'alina foana aho no manao izany vavaka izany. Hitako mihen-danja tsilelikely izany mandra-pahafany tanteraka. Eny na dia olana tsy maintsy hiatrehana fitsarana aza izany. Dia toy izany foana ny fomba ataoko, ary ny ampitson'iny ihany ny mpitsara rehetra sy ny sisa, eny fa na dia ireo olona mpiampanga ahy aza , dia lasa miandany amiko avokoa.

**Ny tetika ataoko mba hisian'ny fikorontanana sy ny fisaraham-panambadiana**

Mba hahatanteraka ireo dia miantso ireo fanahy izay mipetraka eny planeta Jopitera aho. Ary rehefa tonga ao amin'ny tokan-trano iray ireo fanahy ratsy nantsoina ireo, dia miteraka tsy fifankazahoan-kevitra, ka manosika ny iray amin’ireo mpivady ho mafy fo, ka mahatonga azy ireo hisaraka. Dia toy izany koa ireo mpinamana be tany aloha, dia mifamaly ho azy amin’ny tsy misy antony ary dia misaraka.

**Ny fomba namonjena ahy tamin’ny ara-batana**

Mba hananako hery dia miantso ireo fanahy hery izay eny amin’ny Jopitera aho. Amin’ny fotoana hilana azy dia afaka mandefa fanahy maloto miisa 10 000 amin’io karazana io aho mba hiady eo amin’ny toerako. Ary mijanona ho mpitazana aho amin’izany, manoloana ny zava-mitranga, fa ho an’ireo olona tsy mahafantatra kosa dia izaho no miady.

Dia tahaka izany koa ny zava-mitranga ampiasaina eny amin’ireny fifaninana ara-panatanjahan-tena ireny, toy ny Boxe, Catch, Karate sns… Izany zavatra rehetra voalazako izany dia santionany ihany amin’ireo fanazarana amin’ny asa fampianarana ny majika, izay voarakitra ao amin’ilay Boky.

**Fampitam-bavak’I Saint Charlemagne**

Ny tena manaitra ao amin’io lohateny io dia ny filazana hoe "Masina". Tsy misy izay tsy mahalala ny momba an’I Charlemagne. Emperora izy ary mpiantafika, izay tsy nanompo an’Andriamanitra tanteraka, kanefa ankehitriny dia antsoina hoe “Masina” ary izany no ahafahako mampiseho fa izay rehetra antsoina ho “Masina” raha ny marina dia devoly.

Araka ny fomba, io vavaka izay voasoratra teo amin’io vato io dia hitan’ny Emperora Charlemagne tao amin’ny fasan’i Jesosy. Ary io vavaka io no nahazoana fandresena teo anoloan’ny mpifanandrina taminy rehetra. Ary ireo ihany no ampiasaina entina miady amin’ny asan’ny Devoly, ody… ary mampandresy anay hatrany.

Rehefa misy vehivavy mihetsi-jaza dia tononina in-telo io vavaka io, ary dia mijanona ny fanaintainany mandra-piterany. Mba hanasitranana marary, dia apetraka eo an-doham-pandrianan’ilay marary ny lahatsoratra misy io vavaka io, ary sitrana vetivety izy. Mba hamantarana fa ho faty ilay marary na ho sitrana dia manonona io vavaka io izahay sady mihazona fehezam-boninkazo roa amin’ny Tanana, ary manatona ilay marary.

Raha manomboka mihomehy ilay marary dia izay no famantarana fa ho faty izy, fa raha mitomany kosa izy midika izany fa hiverina amin’ny laoniny ny toe-pahasalamany.

Misy dika mitovy amin’io vavaka io any amin’ny raiko, izay mihantona eo amin’ny trano fandraisam-bahiny, mba hiarovana ny trano sy ny olona ao aminy, amin'ny famosaviana rehetra. Tiako ho tantaraina eto ny trangan-javatra izay raiki-tampisaka ao an-tsain'ny fianakaviana. Indray andro ny rahalahin-draiko dia namely varatra ny tranonay, avy amin'ny fampiasana majika , nefa dia tsy nisy fiantraikany taminay izany . Niantoka ny fahavelomanay mihitsy io vavaka io. Tsara ho fantatra fa ao amin'ny fokonay, ny olona sasany dia mampiasa fandatsaham-baratra tsy natoraly, izay entiny hamonoana olona na amotehana ny fananany.

**<u>Ny fomba namonjeko namana iray</u>**

Tamin'ny fiandohan'ny taona 1972 dia nanana namana izay niara nihinana ny manta sy ny masaka tamiko aho, ary nizarako ny zavatra rehetra afa-tsy ny fifandraisako tamin’ireo hery miafina tsy hita maso. Indray andro dia nilaza tamiko ny fanahy fa io namako io dia efa tratran'ny mosavy, ary efa voatendry fa ho faty izy. Satria tiako loatra izy, dia nanontany ny fanahy aho raha misy fomba azo anavotana azy . Azo atao izany hoy ireo fanahy, saingy alohan’izany dia tsy maintsy hampiainana azy ny fihetseham-po amin'ny fomba hahafatesany.

Dia nasainy niaraka tamin'ilay namako aho indray Asabotsy hariva, mba hodianay tara any an-trano.Tamin'io andro io, rehefa teny an-dalam-podiana, dia tsy maintsy nandalo tany malalaka kely izahay. Kanefa raha mbola teny am-pitan' ny vohitra iray, dia nahatazana tery lavitra tery olona maro manodidina faty sady mitomany. Dia nanatona izahay ary nahamarika fa ireo andian’olona ireo dia tao amin’ilay tany malalaka kely fa tsy tao an-tanana. Tampoka teo dia hitanay fa ilay vatana mangatsiaka dia an’ilay namako, kanefa izy dia velona soa aman-tsara eo akaikiko; ary noho ny fahitany izany dia raiki-tahotra fatratra izy, ka nanoroka ahy noho ny fihetseham-pony. Ary tamin’io fotoana io ihany koa dia nahita hazo iray akaikikaiky izahay, ary nisy olona nitanjaka nananika azy io tamin’ny lamosiny, fa tsy amin’ny fomba fahita mahazatra.

Taorian’ny fandinihana, dia fantatray fa ilay mpitatika ny fomba amam-panao tao an-tanana io olona mitanjaka io. Ary nony hitany fa fantatray izy dia namelarany fandrika izahay, mba hahafaty anay avy amin’ny alalan’ny demony izay niandry anay tery lavidavitra tery. Satria tsara fifandraisana tamin’ireo fanahy aho, dia voalaza mialoha ny mety ho loza hanjo anay, dia nangataka fiarovana haingana izahay. Ary nahita olona fohy kely izay mililoha entana lehibe izahay. Afaka niala taminy izahay, izy io no voatondro hanatanteraka ny asa ratsy aminay. Tao anatin’io entana nentiny io no nisy ireo karazam-panahy maro izay matin’ny ody nataon’ny mpamosavy tao an-tanana, ary izy no lehiben’izany.

Raiki-tahotra tanteraka tamin'izay zavatra rehetra hitanay io namako io, ka dia tsy nahavita ny natory irery intsony izy, ka dia nentiko tany an-tranoko. Ary dia nandany alina tontolo aho niresaka tamin'ireo fanahy mba hamantarako ny dingana farany amin'ny fanavotako ilay namako. Ary dia tsy maintsy niantso ilay zanaky ny anadahin-dreniko aho satria izy no nahandro ny nofon’ireo olona izay azon’ody; ary tsy maintsy nangataka azy aho mba hanamboarany indray ny nofon’ilay namako.

Ary ny ampitso izay andro alahady, alohan’ny hankanesako any amin’ny lamesa amin’ny 9 ora, dia niantso azy aho mba ahafahako miresaka aminy izany zavatra izany.

Nandà mafy ny fahalalany izany zavatra izany anefa izy. Notenenin'ny fanahy aho mba hanery azy, ary hiantso azy indray amin'ny 6 ora; mba hanome hery azy hanatanterahany izany. Raha ny marina, manomboka amin'ny 6 ora ny mpisikidy rehetra dia mifandray ara-dalàna amin'ny fanahy sy ny hery tsy hita maso.

Taorian'ny fifandraisako tamin'ireo demony, dia nankany am-piangonana aho mba hanao lamesa. Ary hanatontosa ny andraikitro ao amin'ny sampana tanora rehetra. Izay tsy fantany dia tsy anisan'ireo zanak'Andriamanitra intsony aho noho ireo asa nataoko. ( Levitikosy 20 : 6 )

Ny hariva tamin'ny 6 ora dia niantso indray ilay zanaky ny anadahin-dreniko aho, saingy tamin'ny fomba hafa, naveriko indray ilay resakay tamin'ny maraina, fa mbola nandà ihany izy. Mba tsy handaniana fotoana dia nibaiko ny fanahy mpitondra famosaviana tao aminy aho mba haka ilay vilany misy ny nofon'ilay namako. Ary lasa ny fanahiny fa ny vatany dia tahaka ny olona matory. Tsy maintsy nangalarin'io fanahy io ilay vilany satria tsy nahazo alalana ny haka izay ao anatiny izy.

Ny fivorian'ny mpamosavy rehetra dia teo akaikin'ny fitrandrahana vato iray. Ary rehefa niverina ilay fanahy nitondra ilay vilany dia nanjera saosy avy amin'io vilany io izy eran'ny lalana mankany amin'ilay kariera (fitrandrahana). Ary rehefa nody nifoha tamin'ny torimasony ilay zanaka anadahin-dreniko dia hitanay teo anoloanay ilay vilany feno hena. Niantso ny fanahy indray aho, izay tokony hikarakara ny nofo sady efa voahomana ho an'ny tompony, izany hoe ilay namako. Ary nony avy eo dia nentiny ilay vilany.

Minitra vitsy taorian'izay dia niteny tamiko ireo fanahy, fa nisy saosy latsaka teny an-dalàna, ka izay olona rehetra mahakasika azy io amin'ny tongotra dia tokony ho faty. Mba tsy hahatompon'andraikitra ahy amin'ny fahafatesan'ireo tsy manan-tsiny izay mankany amin'io kariera io dia nanontany ny fanahy aho raha misy azo atao mba tsy hitrangan'izany. Dia nampanantena ahy izy ireo fa hanala ireo saosy very teny amin'ny lalana amin'ny 9 ora alina. Nisy oram-baratra tamin'ny 9 ora alina tamin'io, ary nandritra izay no nanalan'ireo fanahy ilay saosy.

Tsy maintsy nanalany koa anefa ny tany rehetra nanodidina satria efa voapozina, araka ny filazany. Noho izany rehetra izany dia tonga nisy hantsana lalina ilay lalàna, ary tsy azo nampiasaina intsony mandraka androany, izany dia manazava ny olana misy eny amin'ny lalàna izay hitantsika isan'andro; amboarina androany nefa simba afaka tapa-bolana. Ny mponina dia nanome tsiny mandrakariva ireo tompon'andraikitra mpanao làlana, nefa tsy avy amin'izy ireo izany. Fa ireo mpamosavy, rehefa manao ny asany mandritra ny alina, ka tsy te hampidi-doza ny mponina izy ireo, dia misy ampahany amin'ny làlana mihitsy esoriny, izay mahatonga lavaka hatrany.

**<u>FIZARANA 2 : LE CIMETIERE</u>** *(fitambarana toerana fandevenana, na fasana maromaro)*

**<u>Ny fanaovako ambaratonga vaovao</u>**

Tamin'ny fiandohan'ny taona 1973, no vanim-potoana mavesa-danja sy matotra indrindra, tamin'ny fiatombohan'ny maha-mpanao majika ahy satria nitondra ahy hahafantatra ny tontolon'ny zava-miafin'ny tsy hita maso.

Indray alahady, taorian’ny lamesa, ilay pretran’ny paroasy, ilay mpampianatra ahy dia nanome fotoana ahy tany an-tranony tamin’ny 7 ora hariva. Nahafatra-po aho tamin' izany, ka tonga tamin’ny ora nifanomezana tany amin’ilay Pretra. Noraisiny tsara aho ary nomeny sakako. Ary hoy izy tamiko: “nampanantena ny hampahafantatra zava-dehibe anao aho, ary koa hiantoka ny fiainanao. Vonona ve ianao?” Dia nanaiky aho. Nanontany ahy ihany koa izy raha afaka ny hiaraka aminy aho. Mbola fanekena ihany ny valin-teniko. Nilaza tamiko izy fa hitsidika ny cimetière izahay, ary nanome baiko ahy ny tsy hitodiako na ankavia na ankavanana, na amin’ny dia mandroso na amin’ny dia miverina. Izaho no tsy maintsy mandeha eo alohany hatreo amin'ny fidiranay ny cimetière, avy eo dia izy indray no mialoha ahy eo am-pidirana ny cimetière.

Niankanjo ankanjo pretra fotsy lava be izahay. Nony afaka kelikely dia nanome tavoahangin-dranomanitra ahy izy, atao hoe" Aoussarabia”. Dia nihositra io ranomanitra io izahay. Nony avy eo dia nomeny lakolosy kely aho ary izy koa nanana iray teny aminy.Tsy maintsy hampanenoana izany lakolosy izany eny an-dàlana (Ireny lakolosy fampiasa eny amin'ny lamesa katôlika ireny). Alohan’ny hivoahanay ny trano dia nanokana fotoana izy; hitanisana vavaka vitsivitsy.

Ary dia lasa izahay. Natahotra ny hisy hahita aho niaraka tamin'ilay pretra tany amin'ny cimetière satria be mpandeha mantsy ny làlana mankany na dia amin’ny andro alina aza. Kanefa talanjona aho fa tsy nahita olona mihitsy nandritra izany fotoana izany.

Teo am-pidirana ny “cimetière” dia nijanona aho ary niroso nialoha ahy izy. Tsy maintsy manaraka azy avy ao aoriana aho, ary mampaneno ny lakolosy isaky ny mamindra. Nandroso hatreny afovoan’ny “cimetière” izahay, ary nangataka ahy izy mba handohalika hiaraka aminy. Nanomboka nitanisa vavaka izy mba hiantsoana ilay olona maty voalohany tao amin’io “cimetière” io. Nihaino ahy tsy nanana ahiahy aho. Fotoana vitsy monja, indro nahita olona nanantona hamaly azy izahay. Nanontany ny antony hiantsoana azy izy. Dia hoy ny navalin’ilay pretra: te-hiantso ny tontolo tsy hita maso aho satria manam-bahiny, dia tsy iza fa ny tenako. Nanaiky ny fangatahany ny fanahy.

Niova indray ny nantsoiny, ary niantso ny “Patron Bombard” izy. Tampoka teo dia nisy horohoron-tany nitranga, ary nisy rivotra mafy nitsoaka. Nandritra izany tranga tsy dia fahita izany dia nahazo ahy ny tahotra. Nijery ahy izy ary nanome toky ahy. Injay nisy feo mafy toy ny kotroka sady feno fahefana re, saingy sarotra ho ahy ny mahalala izay nihaviany. Niteny tamin’ilay pretra ilay feo: “Fa maninona ianao no manelingelina ahy?” Namaly azy izy fa tonga hanolotra ahy araka ny resaka efa nataony. Izaho anefa dia tsy nahalala na inona akory ny momba izany.

Avy eo dia nitodika tamiko sady niantso ahy  Bombard. Tsy mbola nampahafantarina ahy anefa io anarana io nandritra ny fotoana naha-teo ahy. Hoy ny feo tamiko “Bakajika, inona no ataonao aty?” Noho ny tsy fahalalako ny antom-pisiako teo dia niboredika aho ka nanambara fa manaraka ny pretra. Andraso hoy izy fa holazaiko anao izay tokony ataonao. Ary henoko ny Pretra sy ilay feo miresaka amin’ny fiteny hafa izay tsy misy azoko. Rehefa vita ny resak’izy ireo, dia hoy Bombard tamiko: “Bakajika, tsapanay fa feno fanahiana ianao. Koa mba hanaporofoana fa zavatra matotra no miseho aty dia angataho amiko izay tianao fa hotanterahiko izao ihany.” Noho ny faniriako mafy hamaly faty izay namono ny zokiko lahy, dia hoy aho taminy: “Eto amin’ity toerana ity no milevina ny zokiko lahy, koa mangataka ny hahita azy sy hiresaka aminy aho.”

Nasainy niandry iray minitra aho, ary hitako maso ny zokiko lahimatoa izay efa maty 4 taona lasa. Nanontany ahy izy: “Inona no itadiavanao ahy?”

Namaly azy aho fa tiako ho fantatra misimisy kokoa ny trangan-javatra momba ny nahafatesany. Hoy izy tamiko: "Efa olona manana ny maha-izy anao ianao satria efa tonga ety amin'ity toerana ity. Tsy izaho no hamaly anao fa ho fantatrao bebe kokoa ny momba izany." Niaraka tamin'izay teny izay dia lasa izy…

Nitodika tamiko indray Bombard ka nanao hoe: "Ividiano ranomanitra Aoussarabia 30 tavoahangy aho ary ento aty amiko. Ary amin'izay dia tsy hanao majika pratika intsony ianao fa zavatra tsara amin'izay no hanomboka ho anao". Nanome toky ahy izy fa hampahafantatra ahy ny zava-miafina izay tsy fantatro. Alohan'ny handaozanay ny "cimetière" dia nangataka ahy ilay pretra mba handraoka fasika teo ambony fasana iray.

Teny an-dalana hody, ny pretra no mandeha voalohany sady miamboho. Nanao toy ny nataony koa aho. Nangataka ahy izy mba hanipy ilay fasika amin'ny tany mba hanakanana ny fidirana any an-trano. Rehefa tonga dia nanontany azy aho ny amin'ny tsy nahitanay olona mihitsy teny an-dalana. Nambarany ahy fa noho ny vavaka notononina talohan'ny nandehananay dia voaaisotra avokoa ny mpandeha rehetra. Nanontaniako azy ihany koa ny antony nilana ilay fasika nalaina teo ambony fasana. Sakana iny hoy izy mba tsy hahatratra antsika ireo fanahin'ny "cimetière".

Tena liana dia liana ny hahafantatra izay hotolorako ilay ranomanitra aho, ary koa hoe amin'ny fomba ahoana no hanatanterahana izany, satria tsy nahita na iza na iza aho, fa feo fotsiny ihany no reko. Nanome toky ahy ilay Pretra fa izaho mihitsy no tokony hanolotra an-tanana izany ranomanitra izany amin'izay miresaka amiko

**<u>Tombotsoa vaovao ara-pahamaizinana</u>**

Nidododo nangataka vola hividianana ilay ranomanitra tany amin'ny raiko aho. Satria moa nahatoky ny fahazotoako nankany an-tsekoly izy, dia tsy am-pisalasalana no nanomezany ahy izany lelavola izany. Roa andro taty aoriana, dia tany amin'ilay Pretra aho, niaraka tamin'ireo fonosana ranomanitra. Dia niomana izahay ny ho any amin'ny cimétière, tahaka ny tamin'ny voalohany. Tonga tany amin'ny cimétière izahay tamin'ny 8 ora alina. Nivavaka ilay Pretra ary nanao ny fiantsoany, ary dia niverina nitranga indray ilay horohoron-tany. Nanontany ny antony nahatongavanay ilay niresaka taminay izay tsy hita maso.

Novalian'ilay Pretra fa tonga eto aho (Bakajika) miaraka amin'ilay ranomanitra notadiavina. Niangavy ahy izy ny mba handrosoako dingana vitsivitsy sy hametraka ireo fonosana ranomanitra amin'ny tany.

Rehefa vita izany, dia hitako nanjavona teo ambany masoko ireo fonosana. Rehefa avy nankasitraka ahy ny amin'izany ezaka izany Bombard, dia nangataka ny hanondroako toerana voafaritra, ao an'efitranoko, izay atao karazana "Boîte aux lettres", handraisako izay zavatra tokony ho azoko. Nampanantena ny handefa ho ahy bokim-bavaka izay tsy maintsy ataoko tsianjery mandritra ny 3 volana ary koa rojo kely sy vovoka majika izy.

**<u>Taratasy avy tany amin'ny fiainan-tsy hita</u>**

Roa andro taty aoriana, dia nahita taratasy avy tamin'i Bombard teo an-tongom-pandriako aho izay milaza amiko ny laharan'ny boite postaly sy ny laharan'ny antso an-tariby. Tokony haveriko any amin'ny fiainan-tsy hita io taratasy io rehefa voavakiko satria ho faty izay rehetra mamaky azy.

**Ny nifandraisako tamin'ny fiainan-tsy hita**

Ny fifandraisana an-tariby dia natao tamin’ny alalan’ny fitaovana mitovitovy amin'ny "talkie-walkie", fa kely dia kely, ohatra ny tranon’afokasoka; na koa tamin’ny alalan’ny rojo majika izay misy sarina hazo fijaliana. Mifandray avy hatrany amin’ny fiainan-tsy hita rehefa ampidirina ao am-bava ny tendron’io sarina hazo fijaliana io. Afaka mamono olona ihany koa io rojokely io rehefa kapohina amin'izany ilay olona.  Aorian'ny fihombon’ny fanaviana, dia maty izay olona voakapoka amin'izany, rehefa afaka 2 andro. Afaka manasitranana marary ihany koa anefa izany rojo kely izany rehefa atao eo am-bozon’izy ireo.

**Azoko ilay bokim-bavaka**

Herin'andro taty aoriana, tamin'ny misasak'alina, raha iny hatory iny aho, dia naheno zavatra nianjera teo an-tongom-pandriako.  Ohatra ny tamin'ny nofy nefa no nandrenesako izany. Niantsambotra aho, ary teo vao hitako fa hay ilay bokim- bavaka ilay Izy. Nifanandrify tsara tamin'ny toeran'ilay boîte postale majika izany. Ny fonon-ilay boky kely dia misy sary izay misy dikany avokoa, ary voasoratra tery ambony ny anarako: BAKAJIKA MUANA NKUBA. Tery ambany, nisy sarina vatam-paty mikatona, izay misy faty tao anatiny. Ilay vatam-paty dia voaravaka hazo fijaliana, ary eny amin'ny tendron'io hazofijaliana io dia misy vorona. Ny fanambanin'ilay vatam-paty dia nisy hazo fijaliana kely 14 milahatra. Ny vatam- paty sy ilay faty dia midika hoe: ny asa izay ataoko rehetra dia miainga avy any amin'ny cimetière, izay toerana handevenana ny maty. IIay teo amin'ny tendron'ny hazo fijaliana dia manondro hoe: avy ao amin'ny cimetière no hanidinana mankany amin'ny tontolo tsy hita maso.

Ilay boky kely dia misy vavaka 16 ao anatiny, araka izay ilaiko amin’ny asako rehetra:  ho any amin’ny cimetière, hiantso ny tontolo tsy hita maso, hiresaka amin’ny maty, ho sambatra ara-piitiavana, hanao fahagagana, hanamboatra vola, sns… Tsy maintsy ataoko ny hitadidiana ireo vavaka ireo ao anatin’ny 3 volana ho avy. Ny ampitso maraina, amin’ny 6 ora sy sasany dia nanantona ilay Pretra aho mba hanao tatitra. Tao anatin’ny resaka dia hoy izy: isaky ny mamaky ireo vavaka ireo ianao dia manaitra ny mponina any amin’ny tontolo tsy hita maso. Dia hoy aho taminy: raha izany dia ho kotabaisiko tsy ankijanona izy ireo, nefa tsy hitranga izany hoy izy satria mbola eo am-pianarana ianao izao… Dia lasa ny 3 volana. Toa nahafaly ahy izany satria voafehiko sy tadidiko tsara avokoa ireo vavaka ireo. Tonga ny andro izay tokony hanaporofoako ny fahaizako any amin’ny cimetière. Ary dia nanambara tamin’ilay Pretra fa vonona aho. Ary tapa-kevitra izy fa ho any amin’ny cimetière izahay hanaporofo fa efa haiko tsar any vavako. Nandritra ny fanomanana ny dianay, dia niteny tamiko ilay Pretra fa amin’ity indray mitoraka ity dia izaho no manao ny antso rehetra.

**Ny fitsidiako indray ny cimetière**

Nony tonga tao dia nomen’ilay Pretra ahy ny fitenenana ary nanao ny fiantsoana in-12 nisesy aho. Fa tsy nisy valiny izany. Tamin’ny faha-13 namerenako azy, dia naheno horohoron-tany sy rivotra nitsoka mafy aho, ary dia namaly ahy ilay feo: Bakajika, inona no hanelingelenana ahy? Namaly azy aho fa tonga haneho aminy fa voafehiko tsara ilay fivavahana nomeny. Nasainy notanisaiko avokoa izy rehetra, ny farany mankany amin’ny voalohany. Rehefa vitako izany dia niarahaba ahy izy. Mbola nanafatrafatra sy nandrara ahy mafy izy ny tsy hampiseho ilay boky kely, na amin’iza na amin’iza tsy isanay. Satria izay olona rehetra mahajery azy fotsiny dia ho faty. Dia nanome alalana ahy izy ny hiantsoako fanahy, ny hitsidika ny cimetière amin’izay tiako; ary nanontany ahy izay rehetra tiako arak’izay voalazan’ilay vavaka izy.

Ary dia nomeny ahy nony avy eo ilay boaty kely tahaka ny boatin’afokasika mba hifandraisako mivantana amin-dry zareo, na amin’ny fotoana inona na amin’ny fotoana inona. Ary tonga teny an-tanako izany tamin’ny fomba tsy fantatro, ary hoy izy: "alohan'ny hanomezako anao ny fahefana hampiasa ireo vavaka ireo dia mila hatao batisa ianao."

Navelako teo amin'ilay toerana nandohalihanay ilay Pretra fa izaho kosa lasa nandeha lavidavitra kokoa, izay tao anatin'ilay cimetière ihany. Ary hitako tamin'izany toerana izany tavoahangy Whisky Johnny Walker efa ntaolo, izay feno rano. Dia nanome baiko ahy i Bombard mba hanasako ny vatako iray manontolo amin'io rano io, ary dia nataoko izany. Voamariko fa tsy nety tapitra ilay rano tao anatin'ilay tavoahangy.

**Ny fampiasako fahefana vaovao**

Tamin'io andro io dia nibita-pifaliana aho nody tany an-trano teo anatrehan'ny fivelaran'ny ho aviko nanoloana ahy. Tamin'io andro io ihany, tao amin'ny efitra fatoriako dia nanandrana nangataka vola aho, satria izany no voaloham-paniriako. Nampiasaiko ny iray tamin'ireo vavaka mba hangatahako 5000 Zaïres. Io vola io dia tonga tamin'ny boaty pôstaliko, tamin'ny misasakalina teo ho eo. Teo am-pandriana aho raha nahare ny feon'ilay fonosana nilatsaka ka nanaitra ahy. Nojereko ny tao anatiny ka fehezana vola vitsivitsy ary dia nohamariniko haingana, ka 5000 Zaïres mihitsy no tao, izay volabe tokoa tamin'izany andro izany. Hitako nisokatra ho ahy ny fiainana, io vola io dia nolaniako tamin'ny fisotroana sy tamin'ny fanenjehana vehivavy sns…

Rehefa lany izany vola izany, dia niantso indray ny tontolo tsy hita maso aho mba ahazoako vola hafa indray, izay azoko eo no eo ihany. Azoazon'ireo namako tany am-pianarana sy ireo namako tany ivelany tany aho noho izany toe-javatra izany. Vavaka kely fotsiny no nataoko dia feno vola ny paosiko, ary nitombo toy izany ny harenako nanomboka ny faha-16 ny taonako. Afaka nividy ny fiarako voalohany aho izay nitondra marika FORD, ary mifandray tsy tapaka amin'ny tontolo tsy hita maso, na avy ao amin'ny cimetière, na amin’ny vavaka fiantsoana fanahy, na avy amin'ilay telephone nananako. Nihatsara hatrany ny fandehan-draharaha izay nahagaga ny manodidina ahy.

**Ny fomba niarovana ahy**

Hatramin’izay dia tsy dia nisy loza be loatra nahazo ahy. Ilay pretra dia nanolo-tsaina fankaherezana ahy ary nampitandrina ahy mba ho malina tsara. Lasa fianakavian’ny cimetière aho, ary afaka mandeha irery tsy amin’ahiahy ankehitriny. Afaka miantso na iza na iza, izay nalevina tao, arak’izay antony tiako aho; tsy fantatro akory fa lasa nanana hery lehibe izay tsy voatohitr’ireo mpanao ody sy mpimasy aho. Izany tombony nananako izany dia niteraka fankahalana ahy teo amin’ny sehatry ny fianakaviana. Ary ratsy fijery ahy ireo namono ny rahalahiko, ka nitady ny fomba hamotehana ahy. Nefa tsy nahazo alalana ny amin’izany.

Iray tetika tamina mpisikidy (féticheurs) malazan'ny KANANGA izy ireo izay fantatra tamin'ny fahaizany mandatsaka varatra tsy voa-janahary. Ny tanjona amin’izany dia hampihena ny heriko. Niantso ahy izy ireo ary namaly azy aho. Rehefa niditra tao an-tranony aho dia nasehony vilany vita tamin'ny tanimanga iray izay efa nomaniny mialoha. Nolazainy fa tiany aho ary omeny fiarovana amin' ny herin'ny maizina rehetra ka nasainy niakatra teo ambonin’io aho, izay misy hery afaka mitondra ahy, ary mampihena ny heriko avy hatrany. Vaky izy io rehefa nitsangana teo amboniny aho.

Tezitra mafy izy tamin’izany ary nandroaka ahy, LUKINU no anarany, izay midika hoe: fankahalana no eo am-bavany. Maro ireo mpanao ody nifandimby nanasa ahy, nefa izany dia nifototra taminy ihany. Alohan’ny nialana ny tranon-drainy, dia nisedra varatra nalefan’I Lukinu mba hamonoana anay sy ny fianakaviana rehetra izahay. Ny Dadatoako antsoina hoe: Mukendy sy ny Nenitoako Biuma no nikotrika izany. Tsy nahomby anefa io tetika io satria tao an-trano aho tamin' io hariva io . .

**FIZARANA 3: NY LALINA TSY MISY FARANY**

**Ny tontolo tsy hita maso**

Tamin'ny taona 1976 dia niantso ahy ilay pretra mba ilazany amiko ny fahataperan’ny asany ao Zaïre. Tsy te hamela anao eny an-tsasa-dalana aho hoy izy. Noho izany dia tokony hanao dingana lehibe izahay mba hanatratrarana ny tanjona farany. Taitra aho tamin'izany satria noheveriko fa efa tonga teo amin’ny faratapon'ny fahefana nananako aho. Hay, mbola misy tsy maintsy hianarako indray. Dia nanao fotoana taminy aho mba ho any amin'ny Cimétière amin’ny misasak’alina.

**Ny voyage astral**

Nony nivoaka tao aminy izahay ny misasak'alina, dia naka tapis telo zoro kely iray izy niaraka taminy. Rehefa tonga tao amin'ny Cimétière izahay, dia niantso ny maty voalohany tao izy mba hisolo azy amin’ny asa tokony ataony satria hisy halehanay. Ary rehefa nanao fiantsoam-panahy hafa indray izy dia nasainy niakatra niaraka taminy teo ambonin’ny tapis aho. Niaraka tamin’izay dia niala tamin’ny vatana ny fanahinay ary lasa nitety ny tontolo tsy hita maso izahay, fa ny vatanay kosa dia nijanona teo amin'ny Cimetière, andrasan’ilay maty.

Dia tonga tany amin’ny toerana izay tena tsara dia tsara tokoa, izay tsy mbola hitako mihitsy hatramin'ny nahavelomako, ary tamina tanàna tsara sy mahafinaritra tokoa izahay. Nandeha tamin’ny arabe voafaritra tsara sy voavotra; toerana izay misy trano lehibe voahaingo tsara ary dia nandeha tamin’ny Cimetière, ary tonga teo amin’ny foibe toeran’ny fanaovana majika. Tsara ny fandraisana anay tamin’izany.

**Hitako ireo mpiresaka amiko**

Teo an-tokonan’ilay trano lehibe dia taitra aho raha nahita ny sariko izay tena lehibe tokoa niraikitra tamin’ny rindrina teo amin’ny efitra fiandrasana. Satria te-hahafantatra bebe kokoa aho, dia niteny tamiko ilay pretra fa io sary io dia nalaina tamin'ny fotoana nakanesako tany amin' ny Cimetière voalohany. Fotoana fohy avy eo, niditra tao amin’ ny birao izay nisy ireo fanahy niresaka taminay tany amin’ny cimetière izahay. Fantatro amin'ny tomba firafiny sy ny bikabikany fa anjely ireo, ary nisy olona 3 teo izay nantsoina am-panajana hoe:

• Patron BOMBARD, izay nikarakara ny fandaminana rehetra ny amin'ny fifandraisana any ivelany.

• Patron MADRAC izay mpiady sy mpitsara ary antsoina amin'ny toe-javatra misy ady izay manana fahefana manohitra, mahatonga aretina, mampahalemy sy mamono.

• Ramatoakely MARIE JEANNE BRIGNET teratany Indiana izay mpikarakara ara-bola.

Dia mahafantatra azy ireo sy ilay maty voalohany tany amin’ny Cimetière aho. Izy no manao ny asan'ny famoahan’entana sy fifanerasarana mba hahatsotra ny fivezivezena any amin' ny tontolo tsy hita maso .

**Ireo izay mifanerasera any amin'ny tontolo tsy hita maso**

Rehefa avy nifankahalala tamin'ireo olona nonina tao amin'ny tontolo tsy hita maso ireo aho, dia nampifankahalalana tamin'ny olona tety ambonin’ny tany izay manana fifandraisana ao aho, indrindra ireo izay monina ao Zaire. Tao anaty efitrano lehibe iray no nahitako olona manan-tantara izay nianaranay tany am-pianarana, manam-pahaizana, mpamorona, ireo olona mpandraharaha lehibe, mpanao politika, ary koa mpikambana ao amin'ny finoana katolika: Kardinaly, Pretra sns…

Nomanina manokana io fotoana mba hampahafantarana ahy ofisialy eo amin'ny tontolo tsy hita maso. Hitako ny PAPA PAOLY VI, ary izy no nitarika ny fanasana. Izy no misolon-tena ny velona rehetra, izay mifandray amin'ny tontolo tsy hita maso ary mihazona sy manana fahefana fara-tampony indrindra, mbola velona ny PAPA tamin'izany fotoana izany. Nanao kabary lava be izy tamin'izany, ary nanamasina ahy ho tompon'ny 3ème degré, 16 ème puissance. Niafara tamin'ny “vin d 'honneur” ny lanonana saingy io divay io dia ràn’olombelona.

**Endrika sasantsasany isehon'ny fiainan-tsy hita**

Tsy misy alina na maraina amin’izany fa mahafinaritra foana ny tontolo iainana. Taorian'iny fifandraisana voalohany iny dia nahazo alàlana avy amin’I Bombard ilay pretra mba hitondra ahy hitsidika io tontolo io miaraka amin' ny olona vitsivitsy. Ary dia nitety ny faritra rehetra tao amin'izany. Nijanona teo anoloan'ny vavahady lehibe mihidy izahay. Ary nisy olona nanokatra izany ho anay ary nangataka ny mba hijanonanay eo ambaravarana ihany. Tao anatiny dia nisy olona maro nitondra enta-mavesatra, ny sasany nafatotra mihantona amin’ny tongotr’ila ary mitsongoloka, ny sasany ampijaliana.

Liana loatra aho ka nanontany ny amin’ireo, ary ny navaly ahy dia ny hoe: Ireo dia olona namonon-tena teny ambonin’ny tany, nefa tsy maintsy hiharan'ny famaizana, satria tsy manana alàlana hanapitra ny ainy izy ireo. Teny lavitra teny aho dia nanehoana toerana iray izay misy toy ny fatsakana very, ngeza dia ngeza tokoa sady lalina tsy azo faritana, io no afobe (enfer) hoy izy tamiko fa tsy mbola misokatra satria tsy mbola tonga ny fotoana.

Satria efa nanakaiky ny fotoana hiverenana eny ambonin' ny tany, dia niverina ho any amin’i Bombard izahay mba hanao veloma azy. Dia nanontany ahy izy raha mahatsiaro noana aho. Mazava ho azy fa vokin'ny fahitana an'ity tontolo vaovao ity aho.

Nampiseho biscuit kely boribory iray ahy izy. Dia nohaniko izany, ary rehefa nihinana aho dia tsy nahatsiaro hanoanana nandritra ny telo andro.

**Ny fiverenanay tety ambonin'ny tany**

Rehefa vita ny fombafomba rehetra dia nihazo ny tany izahay. Nahataitra ahy ny nahalala fa tamin’ny misasak’alina no nahatongavanay tao amin’ny Cimétière. Teo amin’io tontolo tsy hita maso io dia misy ora tsy tahaka ny ety ambonin’ny tany.

Ohatra ny hoe 30 mn monja no nandalovako tany nefa raha ny marina dia telo andro no nijanonanay tany. Nandritra ny tsy naha teo anay dia fanahy (demony) no nitafy ny nofo ary nisolo toerana nanao ny mahazatra tety ambonin'ny tany.

Efa lasa fahazaranay ny makany amin'ny tontolo tsy hita maso mandritra ny taona amin'ny fety katolika rehetra sy amin'ny fivoriana ara-potoana. Misy zavatra tsy azo atao sy tsy maintsy arahina. Ohatra: Tsy mahazo mandro mitanjaka, tsy mahazo makany amin'ny Cimetière amin'ny andro fandevenana, tsy mandray tanan'olona ny maraina sns.. . Isam- bolana ihany koa aho dia tsy maintsy manao fanatitra akoho sy voromailala fotsy. Afaka mandeha eran'izao tontolo izao tsy misy fanakatsakanana amin'ny alalan'Ilay tapis Majika aho ety an-tany. Amin'ny Iafiny iray dia tsy fantatr'ireo ray aman-dreniko izay tena asa ataoko. Indray andro ny Papako dia nanendrikendrika ahy ho nangalatra. Nefa dia nolazaiko azy fa tsy izany no izy.

Nampanantena ny hividy fiara ho azy aho amin'ny andro ho avy, nefa tamin'izany teny izany dia noraisiny ho niredirédy fotsiny ihany aho fa tsy nino izay nolazaiko izy. Bombard dia nanome baiko ahy mba hividianako tany, ary hialako ao amin'ny tokatranon-draiko. Ary ny toerana voafidy ho ahy dia ny faritra misy ny Hôpitaly Kananga sady tsy lavitra ny Cimetièren' ny renivohitra izay fandevenana fahiny ireo zaza tsy tonga volana, toerana mety tsara mba afahako mifandray mora foana amin'ny tontolo tsy hita maso na ny makany amin'ny Cimetière tsy misy fanakatsakanana. Io tany io dia eo amin'ny nomerao 35 amin'ny làlana N'SELE. Tamin 'izany fotoana izany ihany koa dia nanome vola ny zandriko lahy aho mba hividianany tany, ary any amin'ny faritry Kananga izany.

**Mitohy ny fanafihan'ireo mpamosavy**

Satria miaina amin'ny fiarahamonina nentim-paharazana izahay, dia nitohy ihany ny fanafihan'ireo mpamosavy. Nanao izay ho afany izy ireo mba tsy hampitombina ahy ary nitady hanala ny aiko mihitsy aza raha azony atao. Nefa nisy elanelana be loatra teo aminay. Ary rehefa tsy afaka nanao na inona na inona ahy izy dia nandeha niampanga ahy tany amin'ny tontolo tsy hita maso. Tsy fantatro anefa ny fisian'izany, fa indray andro dia nahazo hafatra aho mba hankanesako any amin'ny tontolo tsy hita maso misasak'alina. Nampilaza ilay pretra haingana aho ary nanapa-kevitra ny hiaraka amiko izy araka ny heviny manokana.

Nisasaka ny alina raha nihazo ny tontolo tsy hita maso izahay. Dia tany no niandrasanay ireo mpiampanga ahy mba hifanatrika amin'ny mpitsara Madrac. Nanaitra ahy izany nefa ilay pretra izay namana mahatoky dia nampahery ahy. Fotoana kely taorian'izay dia indro tazako, olona 9 tonga samy avy amin'ny fianakaviako sy fantatro tsara ary naka toerana tsy lavitra anay izy ireo. Ny mpitsara dia nilaza ny hanatoananay eny amin'ny "Barre". Ny fanontaniana voalohany nipetraka teo dia ny hoe: Mifankahalala ve izahay sa tsia? Ny fombafomba dia mitovy ny ety an-tany ihany. Nony vita izany dia nanontany an'ireo mpiampanga ny mpitsara ny amin'izay antony hiampangana ahy. Samy namaly izy ireo sao dia ho olana ho azy ireo izany amin'ny farany. Izany no nandraisanay fepetra mialoha mba hamongorana azy.

Nisintona ny fitsarana taorian'ireo fanamelohana ireo ary nomeny takelaka kely izay misy datin'andro ny tsirairay. Io daty io dia mifanandrify amin'ny hahafatesan'ny tsirairay izay nahazo ilay takelaka kely. Ary nody niverina tety an-tany tamin'ny adin-tsaina izy ireo. Nolazaina ahy fa mbola hamaly faty ahy izy ireo noho ny vokatr'izany fitsarana izany, nefa tsy nahomby akory.

Tety ambonin’ny tany dia voamariko fa nisy fiovana ny fomba fijerin'ireo mpamosavy ireo ahy, ka mba hafantarako bebe kokoa momba izany, dia nandeha nitsidika ny iray tamin’ireo rahalahin-draiko aho nefa dia noroahina toy ny alika. Tsy azon'ireo manodidina ny anton’izany fihetsika izany satria nifanaraka tsara izahay taloha. Ary dia toy izany avokoa no nitranga raha tany amin'ireo mpamosavy hafa aho. Nahavelom-panotaniana ny manodidina izany satria tsy misy mahalala ny antony afa-tsy izahay ihany. Nampihorikoditra ny nataon'ireo mpamosavy ireo tamin'izany, raha tsy mandefa bibilava mainty izy dia mandefa alika mba hanaikitra ahy nefa tsy mahomby hatrany izany.

Indray andro, tamin'ny 1 ora atoandro raha naka aina tao amin'ny trano fatoriako aho, ary mbola nipetraka tamin'ny ray aman-dreniko dia naheno feo hafahafa avy tao an-davarangana. Zara raha nanana fotoana nitsanganana teo ampandriana aho raha nahita bibilava mainty be mirefy 3 metatra izay norefesiko rehefa avy novonoina ary 8 cm ny savaivony izay efa niomana ny hanaikitra ahy. Nikasa handositra aho nefa nosakanany ny làlako, niantso ny tontolo tsy hita maso aho mba hanadalana azy. Nony vita izany dia nivoaka aho nampilaza ny zandriko lahy mba hamonoany azy. Teo anoloan'ny varavaran’ny trano dia miandry kendritohina hamely izay sahy miditra ilay bibilava, nanandrana ny hitora-bato ilay bibilava ilay zandriko, nefa tapaka ny pilotrany. Nandritra io fotoana io dia nitetika ny handositra ilay bibilava saingy nosakanako tamin'ny vavaka tsy ankijanona. Tampoka teo dia tonga ny iray tamin'ireo mpanatrika fanompoam-pivavahana antsoina hoe Buabua, sahala amin'ny hoe nisy niantso izy niaraka tamin'ny pilotra teny an-tanany ka nahafaty ilay biby izy. Dia nisy matetika ny toy izany satria izany no valifatin'ireo mpamosavy izay nitady haka ny rojokeliko nefa tsy nahomby tanteraka izy ireo. Rehefa vita ny bibilava dia nanandrana nandefa alika indray izy ireo nefa izany dia nandamoka. Samy efa maty avokoa izy ireo ankehitriny.

**<u>Ny anjara asan'ny alika sy ny bibilava (boa) ary ny voromailala</u>**

Ao amin'ny tanin'ny mpandraharaha goavana matetika dia misy fiompiana akohokely izay tsy ilaozana alika mihitsy. Izahay koa dia tokony hiompy alika, nefa izany tsy vidiana ety an-tany fa alaina any amin’ny tontolo tsy hita maso. Ary rehefa azo izany dia tsy mivoavoa ny alika na amin’iza na amin’iza afa-tsy amin’ny mpamosavy sy ny mpanao majika kely ihany ary manakana azy ireo tsy hiditra ao amin’ny faritra misy anay. Rehefa tsy ao ny tompon’io alika io dia izy no mitadidy isan’andro izay olona rehetra tonga ao, na ny anarany na ny antony nahatongavany ary rehefa miverina ny tompony dia tantarainy avokoa izany vaovao izany. Ohatra ny fihetsikin’ny alika rehetra rehefa tonga mitsena ny tompony ireny. Ary tahaka izany sy amin’izany fotoana izany no anaovany tatitra amin’ny tompony mandritra ny tsy naha-teo azy. Izaho koa dia afaka nahazo alika tany amin’ny tontolo tsy hita maso, ary azoko atao tsara mihitsy rehefa tonga any an-tranon’olona aho ny manontany amin’ny hazo, na akoho, na alika ny mba hamantarako ny zava-nitranga teo aloha.

Ny bibilava sy ny voromailala dia mitana anjara toerana lehibe eo amin’ny tontolo ny asa satria amin’ny harena be izay hanananay dia lasa fahazaran-dratsy ny mampiasa an-kolaka ireo banky eo an-toerana sy iraisam-pirenena ho amin'ny tombontsoanay. Raha mila vola izahay dia mividy voromailala. Ary rehefa manao vavaka amin'ny misasak’alina dia alefanay mandeha io voromailala io mba afahany mampita iraka amin’ny banky izay voafaritra tsara, ary ao anatin'ny 5 minitra dia entiny miaraka aminy any ny vola. Manatombo kokoa ny voromailala noho ny bibilava satria kinga kokoa izy. Fa raha mila vola an-tapitrisany kosa dia bibilava no alefa. Eo amin'ny 3 ora maraina eo rehefa mitondra vola izy dia alohany amin'ny vavany, ao anaty efitra manokana antsoina hoe: "Sanctuaire".

Ny voromailala indray dia mpitondra hafatra ihany koa izy eo amin'ny samy mpanao majika amin'ny tontolo tsy hita maso.

**Tokony hanam-bady aho**

Tamin'izany vanim-potoana izany dia tokony hanambady aho araka ny baikon'ny tontolo tsy hita maso. Ao an-tranoko dia misy Armoire lehibe iray, feno vola amina millions Zaire; ary mba tsy handrebireben'ny vadiko ahy dia ny vata sarihan'ny armoire iray no nomeko azy mba afahany maka vola arak'izay ilainy, na tsy misy alàlana avy amiko aza izany, ary na tapitra laniny avokoa ary izany vola izany ny hariva, ny ampitso maraina dia feno hipoka indray. .

**(I Jao 2: 15-16)** dia manolon-tsaina antsika toy izao: ***"Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin'Izao tontolo 'izao; raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary rehaka momba izao fiainanana izao dia tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao ihany".*** Nefa misy zanak' Andriamanitra izay azon'ny fakam-panahy, maniry ny mpanota izay mivelatra tokoa ara-materialy ary ny tsy fahazoany izany dia mahatonga azy hino fa sazin'Andriamanitra no antony tsy hananany. Ny tena izy anefa dia tokony hionona amin'izay nomen'ny Tompo isika SATRIA FANTANY NY FETRA ILAINA SAHAZA ANTSIKA ISAN'ANDRO.

**Nahazo fiarakodia vaovao aho**

Taorian'izany dia nasaina nandeha tany amin'ny trano fivarotana fiarakodia tao Kananga aho, izay atao hoe Africauto Zaïre eo anoloan'ny Gara Central. Tokony handray ilay fiara izay nangatahiko tany amin'ny tontolo tsy hita maso andro vitsivitsy lasa izay. Nanao fotoana tamin'ny zana-drahalahiko aho mba hiaraka amiko. Tamin'ny andro voatondro, Talata maraina dia nampahatsiahy ny Papako aho fa tonga ny fotoana izay hanomezako ilay fiara nampanantenaiko azy. Tsy nanaiky ny fanomezako izy, ary ilay zana-drahalahiko koa, nefa dia nankany amin'ilay toerana ihany izahay na izany aza.

Nony tonga tany izahay dia gaga ilay zana-drahalahiko tamin'ny fandraisana mahafa-po anay. Patron! hay efa ao ianao! Efa vonona ao ny fiaranao kah, sao mila mpàmily? Novaliako hoe izaho ihany no hitondra azy nefa izaho tsy mbola nitondra fiara hatramin'izay niainako. Dia niditra tao anatiny aho ary niantso ny tontolo tsy hita maso mba hahazoako ny fahaizana mitondra ny fiara. Nony vita izany dia nantsoiko hiditra ny fiara ilay zana-drahalahiko ary dia lasa izahay. Tany ao an-trano dia tahaka ny tsy tonga saina mihitsy ny Papako. Ny teo an-tanàna anefa dia nahalala fa ny Papako no nanafatra io fiara io amin'ny mpivarotra azy. Ny fahafantaran'ny olona ahy dia sady mpianatra no mpandraharaha.

**Ny asan'ny firavaka**

Noho ny tsy fanananay fitiavan-drahalahy dia vitanay ny mamono ireo olona sahirana ara- bola. Ary amin'izany dia makeny amin'ny mpivarotra firavaka izahay ka alainay tahaka ny modely aseho eo ary dia afaranay any amin'ny tontolo tsy hita maso iny modely iny rehefa avy eo. Mandritra ny alina dia ampifanakalozanay amin'ny anay io môdely io, ary ny marik'ireo firavaka izay avy any amin'ny tontolo tsy hita maso dia manintona kokoa noho ireo môdely izay an'ny mpivarotra firavaka, eny na dia tsy misy nahamarika firy aza ireo teo aloha. Izay olona mividy ireo firavaka ireo ka mitondra azy any an-tranony dia hidiran'olana maro isan-karazany, na dia tsy fantany aza ny anton'izany.

Mandritra ny alina manaraka dia mandeha amin'ny alalan'ny fanahy aho, mitady ireo firavaka ireo any amin'ny trano izay misy azy. Misy toy ny jiro aterak'ireo firavaka ireo, ary dia miditra ao an-trano aho mijery ny fomba fiainan'ireo mipetraka ao. Asiako ody izy ireo mba hahafeno aretina ao amin'io trano io na olana arak'izay itiavako azy ka hahazoanay tombotsoa manokana. Ny fitondrana firavaka dia zavatra tsy tena ilaina ho an'ny zanak'Andriamanitra. Ny Baiboly dia milaza amintsika marina amin'ireto andininy roa manaraka ireto: ***I Timoty 2: 9-10 "Ary toy izany koa ny vehivavy, hiravaka amin'ny fitafiana mahamendrika, mbamin'ny fahamaotinana sy ny fahononan-tena fa tsy amin'ny volo mirandrana na volamena na vatosoa na fitafiana sarobidy fa amin'ny asa tsara arak'izay mahamendrika ny vehivavy manaiky ny fivavahana." 1 Petera 3: 3 -4 "Ary aoka ny fivavahanareo tsy ho amin'ny endrika eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny firava-bolamena na ny fiakanjo fa aoka ho toetra miafina ao am-po izay tsy mety ho lo dia ny fanahy malemy sady izay soa indrindra eo imason' Andriamanitra".***

**<u>Ireo solomaso majika</u>**

Izaho dia nitondra solomaso hafa kely mihitsy, izay manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainako. Rehefa manao azy io aho dia afaka mahita ny asan'ny maizina rehetra. Raha misy mitondra ody na talisman, na mpanao ody dia fantatro avy hatrany. Azoko potehina noho izany ireo zavatra ireo nefa tsy fantatr'ireo mpitondra azy izany. Ary rehefa antsoina ireny avy eo dia tsy mamaly intsony. Afaka manao izany aho satria manana fahefana ambony lavitra kokoa amin'ny majika rehetra na amin'ny karazana famosaviana mahazatra. Ny famosaviana amiko dia hery bitika ihany izay tsy dia nasiako lanjany loatra, satria tsy misy antony firy. Ary ny hery sy ny fahefana izay nananako dia lehibe sy ambony loatra ka tsy azon' ireo mpanao majika tsotra takarina.

**<u>Ny asa fanompoako any am-piangonana</u>**

Vokatry ny fandrosoan'ny asako tsara, dia nanjary nanana fifandraisana tsara tamin'ireo mpitondra fivavahana Katôlika aho. Toy izany koa tamin'ireo mpiangona. Amin'ny maha-tanora ahy dia Iany mifanesy ho prezidan'ny Carrefour des jeunes de la paroisse Saint Bruno, presidan'ny presidium Junior de la Légion de Marie ary mpiara-manangana ny Curia Junior Sainte Famille aho, izay nisahanako ny fitatanam-bola, mpitantsoratra ary vice president. Rehefa misy banga ny iray amin'ireo toerana ireo dia mandroso ny filatsahako ho fidiana aho ary lany amin'ny antsasa-manilan'ireo mpifidy satria tsy misy na inona na inona afaka hanembatsembana ahy. Niha-matetika ny fankanesako any amin'ny tontolo tsy hita maso, ary fantatry ny mpiara-miasa amiko izany. Nofeheziko anefa ny fanahin'ireo mba tsy ahafahany manohitra ahy.

Indray andro, raha mbola nivahiny tany amin'ny tontolo tsy hita maso aho ny faran'ny taona, Bombard dia nilaza tamiko fa voafidy hitondra ny paroissen'i Saint Bruno aho. Araka ny hevitro dia hisy ny olana satria efa manana mpitarika izy io ary efa fantatr'i Bombard ny eritreritro. Nilaza izy fa hisy olana hitranga eo amin'ireo mpitantana ny paroisse, noho izany ireo mpikambana ao dia maro no hanohana ny filatsahako ho fidiana ary hahafaly ny rehetra izany.

Ny olana mitranga amin'ireo mpitantana ireo dia tsy maintsy avy amin'ny tontolo tsy hita maso, mba hahafahako mampihatra avy hatrany ny fitantanana ny fanahin'ny olombelona, izany hoe mitondra azy ireo hino sy hampihatra izay baiko omeko azy. Tsara ho marihina fa ny fomba fitondrako dia nijanona tao am-pon'ny rehetra noho ny vokatra tsara nataoko sy azoko.

Mbola tany amin'ny tontolo tsy hita maso aho raha tanteraka ny tenin’I Bombard. Ny fiverenako tety ambonin’ny tany tamin’ny 15 Janvier 1980 no nahitako fa ho lany filoha mpitantana ny paroisse aho, izay noraisiko an-tanana.

***Marihiko kely fa toy izany koa ny fifidianana pretra sy Kardinaly sy fifidianana Papa. Efa voalamina mialoha any amin'ny tontolo tsy hita maso izany ary ny olombelona dia manatanteraka fotsiny ihany an'ireo safidy ireo.***

Mitantana ny lamesa aho na tsotra izany na amin'ny fotoan-dehibe na rehefa misy maty. Nahita fandrosoana tsy misy hoatr'izany ny paroisse nandritra ny nitondrako azy. Ireo ekipana foot-baIl izay novolavolaiko dia tsy nety resy mihitsy satria izaho no mandrafitra mialoha ny lalao ary mametra ny isa izay tiana. Noho izany dia nantsoin'ireo hoe: Mvidi Mukulu, izany hoe: andriamanitra aho.

Rehefa tany amin'ny fivorian'ny tontolo tsy hita maso, dia nangataka an'i Bombard aho ny hampisehoany ahy an'I Jesosy Kristy. Raha vao nanonona izany anarana izany aho dia hitako nandohalika tamin'ny tany daholo ny rehetra, ary dia ankina teo aho, tsy nahazo ny fandehan-javatra. Taorian' ny 5 minitra vao nitsangana izy rehetra. Ary i Bombard dia nametra mafy ny tsy hanononako intsony io anarana io, ary nilaza tamiko fa amin-dry zareo izy dia antsoina hoe ''Vieux Papa". Satria niziriziry ny hahita azy aho, dia namaly ahy izy fa mipetraka lavitra be izy io. Fa ry zareo no nataony hanompo anay ety an-tany.

Andro vitsivitsy taty aoriana dia nentiny teo amin’ny zaridaina iray aho, tany amin'ny tontolo tsy hita maso ihany. Dia nasehony olona voahombo teo amin’ny hazo fijaliana izay mbola mitete rà mafana. Io ilay olona notadiavinao hoy izy tamiko; saingy indrisy, lainga izany. Fantatro nony avy eo fa io olona teo amin’ny hazo fijaliana io dia Devoly izay ampiasain’ny Katôlika eny amin’ny sary sy eny amin’ny sampiny.

<u>**Ny mpanangana foibe**</u>

Noho ny saiko te-hahafantatra ny zava-drehetra dia nangataka tamin’ny Bombard aho mba hampiseho ahy ny mpitantana ny asa rehetra “Directeur Général” ao amin’ny foibe. Nahazo fotoana aho ny alarobian’ny herin’andro manaraka. Tamin’ny misasak’alina dia nankany amin’ny tontolo tsy hita maso aho, ary dia taitra noho ny nisian’ny horohoron-tany mafy ka nahatonga anay hiankohoka. Ary izay nanoloana anay dia nanana vatana lehibe noho ny an’I Bombard. Nijoro teo anoloako izy ary nanontany ahy ny antony hitadiavako azy. Dia nitraka aho nijery azy. Ary hitako fa nanana loha 3 izy, ary nifandimby niteny ireo loha ireo. Namaly aho fa te-hahafantatra azy aloha. Ka hoy aho: “Te-ho multi-milliardaire eny ambonin’ny tany aho.”

Namaly ahy izy fa tokony hionona amin’izay nomeny ahy aho aloha, fa amin'ny faha 30 n'ny taonako dia homeny ahy izay nangatahiko taminy. Ary ho famaranana dia nangataka ahy izy mba hanome fanatitra ho azy: osy vavy, ary dia nataoko izany. Raha ny tena marina, ny tale jeneralin’ny tontolo tsy hita maso dia manana anarana iombonana antsoina hoe: "Le Fondateur Général Felix” izay izy mihitsy no nanangana azy satria azy tanteraka ny tontolo tsy hita maso. Satana no tena izy raha ny tena marina fa miovaova endrika fotsiny ihany.

**FIZARANA 4 : NY TONTOLON'I SATANA SY NY FIHAONAKO TAMIN'I LOSIFERA**

**Iza ireo mpamosavy ?**

Efa nolazaiko taminao tery aloha ny tian'ireo mpamosavy ireo natao tamiko. Ary na dia tao anatin'ny fanaovan-javatra aza aho dia tsy nisy niafina tamiko mihitsy izany zavatra rehetra izany. Indray andro tamin'ny taona 1981 dia nandeha tany amin'ny tontolo tsy hita maso aho mba hanontany ny mombamomba ny mpamosavy, ny devoly ary Andriamanitra. Rehefa niresaka tamin'i Bombard ny amin'izay lafiny izay aho dia niresaka ny momba an' Andriamanitra aloha izy. Nolazainy fa napetrak' Andriamanitra tamin'io toerana io izy mba hanompo ny olombelona, fa tsy misy fomba azo hifandraisana aminy mivantana.

Raha tsy izany dia amin'ny fanelanelanan'ny jeneraly izay mipetraka somary lavitra kokoa noho ny misy anay. Io talé jeneraly io no nampahalalain' i Bombard ahy raha naniry ny hahafantatra aho. Olona izay manana fahefana lehibe, ary manana loha 3. zy no solonten'Andriamanitra, hoy i Bombard, fa tsy misy olona afaka manatona an' Andriamanitra Mpamorona izay antsoina hoe «Vieux Papa» aty amin' ny tontolo tsy hita maso. Ary rehefa nanokatra ny antontan-taratasy momba ireo mpamosavy izy dia nampianatra ahy nandritra ny alina tontolo ny amin' io lafiny io. Ireto ny filazana tsotsotra izay voaraiko:

- *<u>Fampitana na famindrana ny asan'ny maizina</u>*

Ny mpihazona ny asan'ny maizina dia mamindra izany isan'ambaratonga mifandimby. Alohan'ny zava-drehetra dia fantariny tsara aloha izay olona tiany amindrana azy. Fantarina ao amin'ny fianakavian'ilay olona vao handimby hoe: iza no vonoina sa asiana ody? Ary rehefa fantatra izany dia ampanirianay ao am-pony ny voa diabôlika, ka mahatonga azy tsy mamoaka mihitsy ny tsiambaratelo, na inona tambin'izany na inona. Izany koa dia mahatonga azy hijanona maharitra amin'ireo mpamosavy hafa ary mba hahafahany mizotra amin'izany lalana izany hatranin'ny farany.

Arakaraky ny hitomboan'izany voa nafafy tao am-po izany, ilay olona mpandimby vaovao dia mahatsapa tsikelikely ny fifandraisany amin'ny tontolon'ny famosaviana, saingy tsy afaka mifanerasera amin'izany izy raha tsy manana ny fitaovana izay ahafahany manatanteraka izany, izay mety ho stylo bika, porte plume, na bararata kely na ravin-kazo. Manomboka mahatsapa ny fisondrotan'ny heriny izy, ary manomboka ihany koa mifankahalala amin'ireo mpilalao ody izy. Nefa hatreo dia mbola mijanona ho zazavao, ka-mbola tsy afaka manao ny asan'ny maizina na koa mamosavy raha tsy feno tsara ara-dalàna ny fahalalany.

Amin'ny herin'andro voalohany, ny mpianatra vaovao dia mitanjaka eo am-pivoriana ary ireo izay efa lasa lavitra kosa dia manao akanjo vita amin'ny ravin-kazo. Amin'ny famaranana ny fianarany, ilay mpianatra vaovao dia tsy maintsy manao sonia fifanarahana amin'ny devoly Satana, ary aorian'io pakta io no amantarany fa voaray hanompo an'i Satana izy. Satria voafatotr'io fifanarahana io izy, dia tsy afa-miala intsony. Raha tsy izany dia voaheloka ho faty. Nefa dia nampanantenaina izy hahazo harena be tsy hita lany, hatramin'ny fananana avion manokana.

Tamin'ny andro nanaovana fampianarana dia mamono omby vavy izahay; aoka ho tadidintsika fa manomboka amin'ny 6 ora hariva no mifandray amin'ny namany ireo mpamosavy ireo. Amin'ny ora voafaritry ny maître Satana, ilay mpianatra vaovao dia tokony handalo eo anoloan'ireo ambony fifehezana kokoa noho izy, mba hamantarany azy tsara.

Eo anolon-dry zareo dia misy vilany be iray feno hen'omby vavy matavy. Ny mpianatra vaovao dia tsy maintsy mankeny amin' ilay vilany be hahafantarany izay ao anatiny sy hakany ny anjarany. Raha vao mijery izy dia fantany avy hatrany fa henan'olona io. Raha ny tokony izy dia tsy marisika ny handray mihitsy izy, nefa noho ny famporisihin'ireo efa tranainy dia mandray ihany. Ary amin'ity indray mitoraka ity dia hitany indray fa hen'omby vavy ilay izy; ary ao ambadik'izany no misy an'I Satana, izay efa vonona ny handray ilay fanekena, fa ilay mpianatra vaovao dia tsy mahita azy.

Amin'ny fotoana andraisany ny anjarany ka ihinanany izany eo anoloan'ny rehetra  dia amporisihina amin'ny alalan'ny tehaka izy . Avy eo dia manao ny sonia fifanarahana mba hatoky sy hanaiky izay baiko rehetra ary izay iraka rehetra apetraka aminy; ary koa hihazona mafy ny tsiambarantelon'ny famosaviana. Rehefa avy mihinana izany izy dia izay vao tsapany ny fisian'ny Satana tao ambadik'ilay vilany. Rehefa miverina eo amin'ny alitara izy, dia angatahan'ireo olona efa tranainy ny hanatanterahany ny fifanarahany, amin'ny alalan'ny fampanantenana ny hanao sorona izay olona tiany indrindra, mba ho solon'izay efa avy nohaniny teo. Noho izany ilay mpianatra vaovao dia voatery manome ny anarany ary ny fotoana hahazoany manolotra izany. Rehefa vita izany fifanarahana izany dia azony ilay avion izay efa nampanantenain'ireo tranainy azy ary afaka mandeha any amin'izay tiany aleha izy amin'ny alalan'ny avion azy manokana. Ary manomboka amin'izay ihany koa no ahafahany mamosavy.

*Mitsinjara ho Sampana3 lehibe ny famosaviana*

Ny famosaviana amin'ny fianakaviana

Voafetra ho eo amin'ny fokonolona ihany ny herin'ity sampana famosaviana ity, ary ny herin'ny maizina dia mifindra avy amin'ny ray aman-dreny mankany amin'ny zanaka, na eo amin'ny samy zanaka, na eo amin'ny samy antokon'olona, na eo amin'ny samy foko . Fa ny mpamosavy amin'ity karazana iray ity dia tsy afaka manisy ratsy olona ivelan'izay voalaza izay.

Ny famosaviana ao amin'ny faritra

Ity sampana famosaviana ity indray dia mikasika ny olona mitovy fiteny, ary amin'ny ankapobeny dia ao amin'ny foko iray na firenena iray. Ny foko tsirairay manana mpanolon-tsaina iray. Ohatra ny foko Bakongo dia manana ny mpanolo-tsainy, ny Baluba ary ny Baswahili koa dia manana ny azy, sns .....

Ary amin'izay lafiny izay, ireo mpanolo-tsaina samy hafa dia mifandray avokoa. Ohatra: ny Bakongo raha te hamosavy olona iray eo amin'ny foko Kasaï dia mangataka amin-dry zareo mba hanampy azy. Rehefa mivory ireo mpanolo-tsaina ireo dia eo no anapahany izay voatendry hamosaviana ka hanaovany tatitra any amin'ny Satana. Raha manaiky i Satana dia vonoina io olona io, fa raha mandà izy dia tsy maty izay olona voafidy.

Ny famosaviana eran'izao tontolo izao na iraisam-pirenena

Ity sampana iray ity dia mamehy ny vondron'ny mpanolo-tsaina eran'izao tontolo izao, tsy misy fanavahana fiaviana, na fitenenana na lahy na vavy....

lreo mpanolo-tsaina ireo dia tantanan'ny mpikambana voafidy hafa, izay manana hery ambonimbony kokoa ka afaka miasa na amin'iza na amin'iza izy ireo, na inona na inona foko misy azy, na fiteniny .....

Ary ao amin'ireo no hifidianana ny secrétaire général, izay manana tombotsoa manokana ka afaka mahita an'i Satana amin'ny fotoana izay tiany, ary afaka mandeha eran'izao tontolo izao amin'ny ora izay tiany ihany koa.

Mivory in-4 isan-kerinandro ireo secrétaires généraux ireo miaraka amin'ny lefiny: Alatsinainy, Alarobia, Zoma ary Asabotsy. Isaky ny fivorian'ny sécrétaires généreaux, ireo dia mitondra anaran'ireo olona 5 atao sorona, satria izy dia manana fahefana feno na amin'iza na amin'iza, ary afaka manao an'izany amin'izay osa fanahy sy malemy saina, ka mampisy loza mba hahazoana olona . Ary na aiza na aiza no mety ahitana izany dia ataony izany. Tsy mifidy olona izy na dia tonga hatramin'ny fandringanana ny fianankaviana aza izany. Amin'izay lafiny izay dia tsy misy maha-samy hafa ny mpanao majika amin'ny mpamosavy. Mila sorona ihany koa ny mpanao majika ary sarotra kokoa ny mahafantatra izany zavatra ataony izany satria ataony ampitandremana. Na samy manompo an'i Satana ihany aza ny mpanao majika sy ny mpamosavy dia misy tsy fifankazahoana sy tsy fifampitokisana lehibe eo amin’izy ireo, raha tsy hoe misy tombontsoa iray iarahana.

**Ny fomba famonoan'ireo mpamosavy ny babony**

Fomba maro samy hafa no ahafahany manatanteraka ny famonoany olona: amin'ny alalan'ny loza tsy nahy, amin'ny aretina. Rehefa hanao ratsy amin’ny olona izy dia afindrany ny fon’io olona io, ary dia tonga maty ilay olona. Ety ivelany dia mbola velona ihany ilay olona ary afaka maheno tsara ny olona izay mitomany azy. Tsy afa- mihetsika na manao na inona na inona anefa izy satria tsy eo amin'ny toerany ny fony. Ary dia fantany ny fikarakarana ny fandevenana. Fantany toa izany koa ny fikarakarana ny vatany rehetra mandra-pandevina azy.

Amin'ny 6 ora hariva, ireo olona tranainy dia miantso ireo izay vao avy manao sorona olona iray mba hanamafy ny fomba amin'ny fanasana iray, izay manokana mihitsy. Ary amin'io fotoana io dia tsy manana fihetseham-po hitomany io olona io. Dia miara-mifaly amin’ireo namany ny amin'ny nahavoazany olona vaovao indray. Amin'io fotoana io dia tonga daholo ireo mpamosavy ireo, ka maka ny fatin'ilay olona novonoiny ho any amin'ny tontolo tsy hita maso; ary io olona io dia manova anarana alohan'ny hanaovana azy ho biby, na ho omby vavy, na osy vavy, sns… mba ahatonga azy ho lasa fihinana.

Rehefa mivory ireo mpamosavy ireo, amin'ny andro voatokana, ny mpamosavy tsotra dia mampiseho na manome fanahy iray atao sorona; fa ny secrétaire général na ny mpiara-miasa aminy dia manolotra fanahy 5. Ankoatr’izany, ny secrétaire général, dia manolotra olona 500 atao sorona isaky ny volana Jona isan-taona; ary 500 hafa, ny volana Desambra. Amin'ny olona sasany dia mety heveriny ho tsy marim-pototra na tafahoatra izany isa izany, nefa izany no marina.

Ny loza izay miteraka fahafatesan'ny olona aman-jatony, eran'izao tontolo izao dia avy amin'ireo mpamosavy lehibe avokoa. Izany dia miseho amin'ny endrika ratsy sy mahatsiravina foana matetika. Mitranga izany eo amin'ny kihon-dalàna na eo am- piandrasana bus mba hahafahana miantsy azy sy handotoana azy. Izay tezitra amin’izy ireo na manompa azy ireo dia voamarika. Ary ireo mpamosavy dia mampiteraka loza amin’izay bus na taxi izay taingenan' ireo olona ireo, mba hahafaty azy. Izany no maha-tra-doza ny miteny ratsy na manompa olona tsy fantatra. Ny mpamosavy dia mahafantatra tsara fa rehefa tezitra ny olona na maneso olona iray dia manota, ka lavitra an‘Andriamanitra, dia eo no hanararaotany ny fanatanterahany ny teti-dratsiny.

**Asan'ny maizina hafa ataon'ireo mpamosavy**

Tamin'ny faritra izay niainan'ny secrétaire général dia tsy mandroso ny olona ao. Ny ankizivavy dia tsy mahita vady, miteraka tsy manambady, na koa misaraka aorian'ny fanambadiany rehefa avy niteraka vitsivitsy ary miverina any aminy. Ny mpianatra ihany koa na dia manana diplaoma aza dia tsy mahita asa mihitsy. Ireo mpamosavy dia manome azy fomba fisainana hafa kely ary ireo tanora ireo dia mandany andro manao karatra, miloka, miresaka sport, sns…

Ireo mpamosavy ireo koa dia mandefa areti-mandringana amin'ny alalan'ny herin'ny maizina ka feheziny ho ao anatin'ny voankazo ny atidohan'ireo olona voafidiny, ohatra: manga, zavoka, sns ... Azony amidy eny an-tsena na henan'olombelona aza, izay maka endrika toy ny hen'omby vavy raha jerena. Ary izany no ahitana ireo mpividy milahatra kokoa mba hividy izany hena izany, satria izay avy any amin'ny tontolo tsy hita maso dia manintona aok'izany. Rehefa andrahoana anefa izy io dia tsy misy tsirony sady somary mandroatra. Izany akory tsy midika fa tsy tokony hihinana sakafo na voankazo hafa isika, fa kosa, hanatanteraka sy hanaraka izay lazain'ny BAIBOLY: ary ny zavatra rehetra dia tokony atao amin'ny fisaorana.

***I Timoty 4: 4-5: "Fa ny zavatra rehetra nataon 'Ardriamanitra dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony ho lavina, raha raisina amin'ny fisaorana, hamasinin'ny tenin 'Andriamanitra sy ny fivavahana izany".*** Amin'izany rehetra izany dia ny fandraisana an'i JESOSY KRISTY ihany no lalam-pamonjena. Izy irery no afaka hanafaka antsika amin 'izany.

**Ny fihaonako tamin'ny Losifera**

Na dia efa nifankazatra tamin'ireo fanahy aza aho eny fa na dia ireo matanjaka aza, dia tsy nitsahatra ny nanontany hoe: avy aiza izy ireo ary iza no tompoiny. Nambara tamiko fa mpanompon'i Losifera izy ireo. Koa dia nitady hevitra aho mba hihaonana aminy, fa tsy nitranga mihitsy izany fotoana izany.

Rehefa fantatro ny momba ny fitantanan-draharaha ao amin'ny tontolon'ny famosaviana, ary koa ny fomba fisainako ny hitady hahafantatra hatrany dia nangataka an'i Bombard aho ny hanao izay fomba mety rehetra hifandraisako amin'ny devoly. Raha vao nanonona ny teny hoe devoly aho dia tezitra mafy tamiko i Bombard ka nanontany ahy hoe: "nahoana no antsoiko toy izany?" Nomarihiny tamin'izany fa isika rehetra dia mpanompony avokoa. Nanaitra ahy izany. Ny teny hoe devoly hoy izy nanohy ny teniny, dia fomba fiantsoan'ireo mponina eny ambon'ny tany; ka tokony ho fantatro manomboka izao mason'andro anio izao fa **SOMODIEU DE DEUX COEURS** no fiantso azy.

Faly tamin'ny fahafantarana izany aho, ka dia nangataka tamin'i Bombard mba hifandray aminy. Namaly ahy izy fa sahirana loatra izy io ka sarotra sady tsy azo tanterahina mihitsy izany fihaonana izany. Indraindray dia mahazo saina ny hiresaka amin'ny sekreterany manokana aho, sady mpiaro azy (garde du corps), mba hanontany azy raha mba misy azony atao. Dia nanome vavaka iray ahy i Bombard, mba hiantsoana an'i NABAM, ilay mpiaro an'i Satana. Mampidi-doza i Nabam hoy izy ho an'ireo olona ety ambonin'ny tany, izany hoe: tokony hitandrina tsara rehefa miresaka aminy, indrindra ny mba tsy hikasiany ahy rehefa miseho izy, raha tsy izany dia maty eo no eo.

Ny fombafomba hiantsoana azy dia tokony atao amin'ny misasak'alina. Tokony hanao fiomanana lavorary aho, izay tsy lazaiko ny antsipirihany afa-tsy ny anindriako zavatra iray isan'ireo tsy maintsy homanina, dia ny tsy maintsy hangatahako rano voahasina izay hita eny amin'ny eglisy Katôlika.

Tokony hanoritra faritra boribory iray aho ho ahy, ary iray ihany koa ho an'i Nabam, ary tsy tokony hisy na iza na iza afa-tsy izaho ao an-trano, fa raha tsy izany dia entin'i Nabam miaraka aminy izay fanahin'ny olona hitany eo. Nofidiako ary ny fotoana izay nandefasako ny vadiko sy izay niara-nipetraka taminay hitsangatsangana. Faly mihitsy izy ireo nahazo ny vola sy fanomezana izay nomeko ny fianankaviana hanatanterahana izany.

Noho ny herim-po-na devoly izay tato anatiko dia nandramako ilay asa. Nohajaiko avokoa ireo fepetra izay  fiantsoana an'i Nabam ary dia niseho tamin'ny rivotra mahery izy. Dia nasaiko nosotroiny ilay rano voahasina. Nametra-panontaniana tamiko izy ka nanao hoe: " inona no antony hiantsoanao ahy? "  Namaly azy aho fa mila mifankahita amin'I Satana. Norarany mafy aho tsy hiantso azy hoe Satana, fa SOMODIEU DE DEUX COEURS.

Nampidera ny heriny tamiko izy ka nanolotra rojokely, peratra, sns... Izay manome ahy fahombiazana amin'ny asa rehetra ataoko, raha toa ka tsy entiko mihitsy any amin'ny fiangonana izay tena mivavaka amin' Andriamanitra marina.

Nolaviko izany fanomezana izany satria ilay rojokely izay efa nananako dia azoko ampiasaina tsy misy fepetra arahina, fa naniry aho ny hahita an'i SOMODIEU DE DEUX COEURS. Tsindrin-daona aho ny hahafantatra zava-baovao hafa. Nanome fotoana ahy izy, 2 andro taty aoriana, ka nandefa vavaka fiantsoana an-taratasy.

Ny andron'ny fotoanay, tamin'ny misasak'alina, dia nantsoiko Satana tao amin'ny efitranoko, izay antsoina hoe «sanctuaire». Dia naheno horohoron-tany mafy narahana rivotra mahery vaika tokoa aho izay nahatonga fahatapahan'ny hazo tany ivelany. Tampotampoka teo dia nahita androngo aho, nihanitombo habe  arakaraka ny fitsokan' ny rivotra. Tao anatin'ny segondra vitsivitsy, rehefa nahazo haben'ny voay ilay izy dia niova ho toy ny olona mitsangana izay feno kirany, ny tenany miloko emeraoda, afa-tsy ny tanany sy ny lohany. Toy ny olona tanora 30 taona eo ho eono fijery azy.

Izy no niresaka voalohany tamiko ka nanontany ahy ny antony niantsoako azy. Namaly azy aho, fa te ho isan'ny milliardaire eto amin'izao tontolo izao, ary te hahafantatra azy koa. Mody nihaotra izy ary nanala kirany iray tamin'ny tenany, izay nisy lisitra lava dia lava, feno anaran'olona voasaraka amin'ny tsipika mena. Nasehony ahy izany lisitra izany, ka taitra aho nahita ny anaran'ireo olona ao amin'ny fianankaviako: ny velona etsy an-daniny ary ny maty etsy an-kilany. Dia nasainy nanondro olona 5 teo amin'ireo velona, izay atao sorona ho azy aho, mba hahazoako ny harena be izay nangatahiko eo no eo.

Vahotra segondra vitsivitsy aho, sady niady saina, ka nangataka aminy fotoana kely mba hieritreretana. Nantitranteriko taminy anefa ny hiantsoako azy amin'izay fanapahan-kevitra horaisiko. Nanontaniako azy ny adiresiny alohan'ny nandehanany. Rehefa vahotra kely izy dia nilaza fa mipetraka ao ambany ranomasina mena. Indray mipi-maso fotsiny no nanaovany veloma ahy dia nanjavona izy. Vahotra be ihany aho satria hatramin'izay nifandraisako tamin'ireo izay, dia tsy mbola nisy nangataka tamiko mihitsy ny hanaovako sorona olona.

Nanomboka tamin'io andro io dia tsy niantso an'i Losifera tamin'izany fomba izany intsony aho, fa nandeha nijery azy tany amin'izay fitoerany. Dia namaritra andro iray izahay mba handehanana any amin'ny ranomasina mena, hihaonana aminy.

Eo amoron'ny faritra misy an' i Arabie Saoudite no nanaovanay fiantsoana, ary dia nisokatra ny ranomasina. Niditra tao izahay ka notsenain'i Nabam tao amin'ny trano lehibe iray, izay mihaingo fatratra, tsy misy hoatra izany. Dia tonga i Losifera rehefa avy niarahaba anay tonga soa. Ny fanontaniana voalohany izay napetrany tamiko dia ny hahafantarany raha nentiko ireo olona 5 izay nangatahany. Niala tsiny taminy aho, ary dia nekeny izany. Nefa tsy dia fanaony ny manaiky fialan-tsiny na amin'iza na amin'iza, ary na amin'inona na amin'inona.

Nolazainy tamiko fa efa nitondra izao tontolo izao in-3 izy, tamin'ny alalan'ireo Papa: tamin'ireo ady masina voalohany sy (Croisade), ary koa tamin'ny "guerre de 100 ans ". Losifera no tao ambadik'ireny Papa ireny, izany hoe, niaina tao aminy. Izany dia manazava fa ny tena mpanompon' Andriamanitra dia tsy mitarika ady hamonoana. Tsy misy mihitsy ny atao hoe **ady masina** raha mbola misy rà latsaka.

Fantatro ihany koa fa ilay fondateur général, izay hitako tany aloha, dia tsy iza tsy akory fa i Losifera ihany, fa niova sy niseho tamin'ny endrika hafa fotsiny. Ary ilay jesosy niseho teo amin'ny hazo fijaliana tao amin'ny Babylona lehibe dia Losifera. Toy izany ihany koa, ilay mpanjakan'ny helo, izay manana loha 3 diabolika. Nataony avokoa ny fomba rehetra hanatonako azy noho ny fitiavany ahy hoy izy. Izany no hamelany ahy hanatrika ny fivoriana sy hanampy ireo olona voairaka hanao asa ratsy: mamono olona amin'arivony, mahatonga loza, mamotika ny fiangonana izay manomboka mifoha, amin'ny alalan'ny fandefasana fanahy ratsy, mba hahakivy ny mpiangona, na hahatonga azy ireo hanana fahalemena, tsy hahafahany mijoro ara-panahy, na koa fanahy izay mahatonga fahamenarana, izay fomba mahomby tokoa hamotehana ny tena herin' ny Fanahy Masina, izay miasa amin'izy ireo. Ny halatra sy ny famonoana olona dia avy aminay no hahatanterahan'izany, ary manjary miparitaka ny vondron'ny Kristiana ao am-piangonana amin'izany fomba izany.

Noho izany fomba fanao rehetra izany dia tafala tsy ho isan'ny zanak' Andriamanitra intsony aho. ***Levitikosy 20:6 " Ary ny olona izay mivily hanaraka izay manao azy ho tsindrin-javatra na izay manao hatsarana, hijangajanga hanaraka azy, dia hanandrina izany olona izany ny Tavako, ka hofongoriko tsy ho amin'ny firenena izy".*** Ary nirona tany amin'ny fahapotehana aho. Fantatro ankehitriny fa any amin'ny afobe no hiafarako. Nefa i Losifera dia nilaza taminay fa ho zatra izany miandalana ihany izahay.

Tonga mamangy ahy any an-trano foana i Losifera, eny fa na dia amin'ny andro atoandro aza. Hitan'ny olona izany, nefa tsy fantany hoe mpanjakan'izao tontolo izao io. Noheverin'ny olona fa iray amin'ireo namako mpanao afera-na diamondra izy. Miaraka manadala vehivavy izahay, ka ny hiafaran'ireny vehivavy ireny dia fahafatesana aorian'ny fijaliana sy ozona mitambesatra eo amin'ny fiainany. Betsaka ireo vehivavy na lehilahy janga izay nanana firaisana ara-nofo tamin'ny fanahy ratsy na tamin'ny mpanao majika raindahiny izay jerena ety ivelany dia toy ny olona rehetra ihany.

Nahazo solomaso majika tany amin'i Losifera aho, izay hahafahako mitaratra ny mpamosavy rehetra sy ireo toa azy, ary ahafahako mahafantatra ihany koa ny hery ananany. Tsy misy hifandraisany amin'ny solomasoko ankehitriny izany. Losifera dia efa voatokana mba hampanota olona maro, mba tsy ahafahan'ny olona mahita ny tavan' Andriamanitra hanatevenana ny laharany.

***Ohabolana 14: 34 "Ny fahamarinana manandratra ny firenena, fa ny ota kosa dia fahafahambaraka amin'olona ".*** Izany no mahabetsaka ny fanahy ratsy eo amin'ny olona amin'izao fotoana izao, raha ampitahaina tamin'ny fotoana tany aloha, satria i Losifera dia mampiasa ny heriny iray manontolo, mba hisintonana ny olona araka izay tratrany, amin'ny alalan'ny fampiasana ny fitiavan-karena tonga lafatra, fitadiavana akanjo tsara, fitadiavana laza.

**Voka-dratsin'ny tsy fahalalana**

Ao anatin'izany takomaso izany Losifera dia misarika ny olona amin'ny finoanoam-poana sy amin'ny alalan'ny fandikana marika famantarana. Izy ihany koa no fototry ny sampy rehetra (sary vongana, médailles, sarisary masina, sns…), ny ody kely, tady na peratra, na lamba mena izay entina eny amin'ny valahana, izay hita any amin'ny fiangonana diabolika, nefa mampiasa Baiboly. Ny fiangonana sasany dia mampiasa mari-pamantarana, ohatra: marika "S" izay afenina amin'ny alalan'ny teny hoe "Salut". Ny sasany dia manao izany amin'ny fomba sarotsarotra, izay ampifaningoriny amin'ny hazo fijaliana. Ny sasany amin'ny fampiasana ny croix gammée. Ny sasany amin'ny fampiarahabana ka ampiasana tanana miendrika hazo fijaliana. Ny sasany amin'ny fanaovana akanjo fotsy, sns...Ny sasany dia mifidy andro hanaovana na tsy hanaovan-javatra, ohatra: tsy fandehanana mivoaka lavitra, manao mariazy, mamboly, misasa, manapa-bolo na hoho sns…

Hitanao amin'ireny fiangonan'ny devoly ireny ny olona maro izay vonona amin'ny fomba rehetra, mba hiarovana ny tombotsoan'ny fikambanany. Ny faminaniana, ny astrologie, ny yoga, ny rose croix, ny mahigari, ny psychanalyse, ny télépathie… dia manana fifandraisana mivantana amin'ny majika, mba hahafahana manatanteraka fahagagana maro, avy amin'ny faniriana mivantana ao anatin'ny olombelona, ka miafina ao amin'ireny manam-pahaizana sy ny science ireny ny devoly. Misy ihany koa ireo soratra avy amin'ny devoly, ka ny famakiana azy fotsiny dia miteraka fidiran'ny devoly amin'ilay olona. Ireto misy lohateny vitsivitsy: «Les 5 livres de Jean - Théologie rationnelle - Le livre de la sagesse - Les forces magiques en nous - Lettre du ciel » sns…

Tonga ny fotoana izay tian'Andriamanitra hialantsika amin'ny tsy fahafantarana ny fomba fisainan'ny devoly. ***Jaona 8: 32 « Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo ».***

## FIZARANA 5: ROMA, ILAY BABYLONA LEHIBE

***"Ary tonga ny anjely iray izay tamin'izy fito, izay nanana ny lovia fito dia niteny tamiko nanao hoe: Avia aty; dia hasehoko anao ny hatsaran'ilay vehivavy janga lehibe, izay mipetraka eny ambonin'ny rano maro, dia ilay nijangajangan'ny mpanjakan'ny tany sady natao leon'ny divain'ny fijangajangany ny mponina tamin'ny tany. Dia nentiny tamin'ny fanahy ho an'efitra aho ary nahita vehivavy nitaingina bibidia nivolon-jaky, feno anarana fitenenan-dratsy sady nanan-doha fito sy tandroka folo. Ary ravehivavy dia nitafy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vatosoa ary perla sady nitana kapoaka volamena teny an-tanany ary feno zava-betaveta, dia ny zava-maloto momban'ny fijangajangany ary nisy anarana voasoratra teo amin'ny handriny nanao hoe: ZAVA-MIAFINA, BABYLONA LEHIBE, RENIN'NY MPIANGAJANGA SY NY ZAVA-BETAVETA AMIN'NY TANY.***

***Ary hitako fa, indro, ravehivavy dia leon'ny ran'ny olona masina sy ny ran'ny martioran' i Jesosy. Koa raha nahita azy aho, dia gaga indrindra. Ary ravehivavy, ilay hitanao, dia tanàna lehibe, izay hanjaka amin'ny mpanjakan'ny tany." (Apok 17: 16-18)***

Nadika mazava ny faminaniana amin'ity fanambarana ity, fa ilay vehivavy janga, Babylona lehibe dia tanàna izay mampihatra ny fahefany sy ny fitantanany ary ny fanaraha-maso eo amin'ireo mpitondra firenena eto an-tany, izay mipetraka eny ambonin'ny rano maro. Iza io tanana io ? Washington ve? tsia, satria na dia matanjaka aza izy dia tsy mahafehy ny firenena rehetra eran'izao tontolo izao. Tsy ho Moscou ihany koa. Fa tanàna kely iray izay manerana, nefa manitatra ny fahefany amin'ny vahoaka rehetra io tanana io. Ary raha ny marina koa dia ny TANANAN'i Vatican. Vatican dia namaka sy naniry na tamin'ny firenena iza na tamin'ny vahoaka iza. Ireny vahoaka sy firenena ireny no ilay rano maro izay hipetrahan'ilay vehivavy janga izay voalaza etsy ambony.

***Ilay vehivavy janga dia mitafy lamba volomparasy sy jaky mena izay lokon'ny akanjon'ireo mpitondra*** fivavahana katôlika. Tsara ho fantatra fa i Vatican no manana ny tahiry betsaka indrindra amin'ny vatosoa, eran'izao tontolo izao. Ny eglisy rômana no antokom-pivavahana izay mampiditra ny fivavahana mampiasa kalisy na kapoaka. Izany dia mampiseho ny fahavetavetany sy ny fijângajangany.

Raha ny marina, ny eglizy rômana dia nandika ny tenin' Andriamanitra satria nanampinampy izay tsy voalaza ao (encensoirs, cièrges, chapelets, idoles, eau bénite, cendres, cultes aux morts…) ***Apok 22 : 18*** ; ary nanaisotra izay hahazoana famonjena… ***(I Kor 12: 4-11; Efe 4: 11***) . Ireo olo-masina katôlika ihany koa dia misaron-doha mandritra ny fivavahana, izay mifanohitra amin'ny ***I Kor 11: 4***

Ny vavaka atao amin'ny maty dia voararan'Andriamanitra ka ny fanaovana izany dia mitarika avy hatrany any amin'ny fanoherana. Ny lamesam-pahatsiarovana ny maty dia tsy mahavonjy fanahy mihitsy ***(Mar 12: 27; Sal 49: 7-9).***

Ireo fanambarana ireo dia mety mahagaga tahaka ny nahazo ny apostoly Jaona ***(Apok 17: 6)***. Ary betsaka no mino fa ity fiangonana maneran-tany ity dia mahavonjy fanahy, nefa eo ambany fitsaran' Andriamanitra izy. Noho izany, tonga ny fotoana tokony hialana eo ambany vahohany ka hitadiavana ny famonjena. ***(II Kor 6 :17-18)***

**<u>Anjara asan'ny olo-masina Katôlika</u>**

Ireo olo-masina, izay voarakitra anarana ao amin'ny Eglisy Katôlika, izay hisarihin'i Rôma izao tontolo, dia tsy masina ara-bakiteny, satria olona efa maty, izay nanana fiainana nampiahiahy. Matetika nefa dia hindraindrain'ny Katôlika. Maro amin'izy ireo no mpanao majika na rose croix izay nanompo ny devoly tamin'ny andro nahavelomany. Ary fongarina amin'ny fombafomba rehetra tsy araka an'Andriamanitra indray ny fatin'ireo izay lazaina fa "masina" mba hotehirizina , tahaka ny an'i Papa, ao amin'ny lakavin'ny "les Basiliques Saint Pierre de Rome."

Rehefa misy paroisse iray mitsangana dia mivory ireo fanahy ireo ka manao filokana mba hamantarana izay masina alefa amin'io paroisse io, araka ny anarana izay azo eo. Ary dia baikon'i Losifera i Papa mba haka sombiny amin'ny fatin'io olona io, ka atao ao anaty vato fotsy izay apetraka eo amin'ny alitaran'ilay Eglisy vaovao. Araka izany dia io demony manokana io no mitantana ny asa rehetra ao amin'ilay paroisse izay nandefasana azy.

Ary fantatsika, fa ny demony dia voairaka hanimba ny olona, ka dia voatery izy ny hampiditra fombafomba fivavahana tsy izy amin'ireo mpiangona ao amin'io fivavahana io izay mitarika azy mandrakariva hampitombo ny fahotany.

Ao ambanin'ny lamban'ny alitara, raha ny tokony ho izy, no misy ilay vatofotsy. Ka alohan'ny hankalazana ny lamesa, ny Pretra rehetra dia tsy maintsy manoroka io vato io. Ny tanjon'iny oroka iny dia mitarika izay manatrika eo mba hino tsy hampisalasalana, izay lazaina azy rehetra, amin'ny alalan'ny hery majika izay misy ao anatin'io vato io. Io vato io koa no hampiasaina mba hampitana izay fanirian'ilay Pretra amin 'ilay mpitantana ilay paroisse (ilay demony manokana izay mitantana ny asa ao amin'ny paroisse). Izany hoe any amin'ilay maty izay manana ny sombim-batana ao amin'ilay vato, io fanahy io no mitondra ny fanahin'ny mpiangona mba hanaiky izay sitrapon'ny tontolo tsy hita maso.

Andriamanitra dia tsy manome alalana antsika hifandray amin'ny maty, na hanao fanompoam-pivavahana amin'izy ireo. Rehefa hirona amin'izany fihetsika fanompoan- tsampy izany ny olona dia miteny ratsy tsy an-kijanona ny anaran'ny Mpamonjy. Izao no fanamarinana ara-Baiboly ny momba izany: ***"Tsy Andriamanitry maty izy fa an'ny velona, koa diso indrindra ianareo" Mar 12: 27***. Tsy mila ny maty Andriamanitra mba hampita ny hafany amin' ny olombelona, na dia mieritreritra aza fa eo akaikin' Andriamanitra izy ireo.

Izany dia voamarika any amin'ny ***Lio 16: 27-31*** raha nangataka an'i Lazarosy, izay efa maty, ilay mpanankarena, mba hampiomana ny rahalahiny. Mazava tsara ny valintenin'I Abrahama fa Andriamanitra tsy mila ny maty mba hiresaka amin'ny velona. Marihiko eto ny filazana fa nandritra ny iraka ara-pivavahana nataoko, nitantanako ny paroisse Saint-Bruno dia hitako fa ny lamesa izay natao dia tsy inona akory fa fampiharana asa majika ihany. Tao anatiny aho matoa sahy milaza izany.

**Ny fandimbiasana ny papa Paoly VI sy ny fanitsiana ny baiboly**

Tamin'ny taona 1987, dia nanatrika fivorian-dehibe izahay, tany amin'ny tontolo tsy hita maso, mba hifidianana izay handimby ny papa Paoly VI. Vita izany dia nifidy ny papa Jaony Paoly I izahay. Ary izy dia voairaka hanova ny Baiboly, ka hanala ireto andininy manaraka ireto: **I Kor 6:6-16, II Kor 6: 14-17, ary ny bokin'ny Apokalypsy iray manontolo.**
Izy io ihany koa dia voatendry, hiasa araka izay azo atao mba hampivondronana ny jentilisa, ny misionera sy ny pasitera ary kristiana samy hafa finoana rehetra, mba hanoherana bebe kokoa izay antsoin-dry zareo hoe: "LE 'GRAND". Io hery fampivondronana io ihany koa dia antsoina hoe "OECUMENISME". Tsy nanaiky moramora izany fanitsiana ny BAIBOLY izany anefa Papa Joany Paoly I, ary izany no namonoan'I Losifera azy ary nitsarana azy ho tsy mahavita azy. Izao tontolo izao dia manana ny fitsarany sy ny filazany momba ny nahafatesany. Ny mpandimby azy, Papa Joany Paoly II, rehefa nanaiky ilay iraka dia voahosotra, ary nanana fahefana lehibe dia lehibe tokoa.

**Nahazo fisondrotana aho:**
Mba ho fankasitrahana ireo zavatra mampalahelo izay vitako, dia nahazo alalana ny hanamboatra tanàna (Cité), antsoina hoe "Cité du Paradis" aho izay ahafahako miaina sy manatanteraka ny asako rehetra. Io cité io dia tokony ahitana orinasa momba ny lamba, supermarché, sns…
Dia lasa ny taona, nafeniko tao ambadiky ny fanondranana diamondra an-tsokosoko ireo asa maizina nataoko. Nony avy eo dia nifidy andro hahafatesako ara-batana ny tontolo tsy hita maso, izay tokony ho avy ny taona 2043, volana Novembre. Ny andro sy ny ora sisa no tsy mbola notondroiny.

**Ny nifindrako tany an-drenivohitra**

Tamin'ny taona 1983, dia tapa-kevitra aho ny handao ny tanànan'i Kananga, mba hipetrahako tanteraka any an-drenivohitry Kinshasa, miaraka amin'ny fanomezan-dalan'i Bombard. Nomeny ahy izany ny 6 Novembre 1983, ary dia nandao ireo ray aman-dreniko sy ireo rahalahiko aho. Ny alin'io ihany, dia nandray ny tapis majikako niaraka tamin'ireo entako aho. Teo amin'ny cimétière no nankanesako tany Kinshasa. Dia tonga tany amin'ny cimétière tranainy, antsoina hoe Binza-Delveau aho. Rehefa nijanona tao amin'ny hôtely Okapi aho dia nipetraka tao Delveau nandritran'ny 16 volana, alohan'ny hifandraisako amin'ireo rahalahy sy olom-pantatro. Tao anatin'ny fanatanterahako ny asa roa sosona izay nataoko: ekleziastika sy majika, dia nandray anjara tamin'ny jobilin'ny Arseveka tao Kinshasa aho ny 22 Septembre 1984, ary dia voaray tamin'ny horonan-tsary teo akaikiny, tamin'ny fanokanana ny hopitaly Saint-Joseph tao Limete, nanao solomaso fotsy misy sisiny mainty ary pataloha mainty sy veste beige.

Nitombo hatrany ny asa nosahaniko ny amin'ny asan'ny maizina, nefa tsy nanana fitsaharana sy fiadanam-po aho tamin'izany. Sahala amin'ny olona sasany, natahotra ny hahazo iraka saro-tanterahina aho, nefa ny tsy fahombiazana dia miafara amin'ny fahafatesana.

**Ny fitsidihako ny tany ambanin'ny tany**

Ireo izay voaheloka ho faty dia entina any ambanin'ny tany mba haringana. Izany no nahatonga ahy te-handeha ho any, miaraka amin'ny fahazoandalan'ny fahefana fara-tampony. Ary amin'izany dia tokony hihaona amin'ny "Reine de la côte" aho, izay tokony hanome ahy ny fidirana amin'ny tontolo ambanin'ny tany.

Dia nankany Pointe-Noire aho, any amin'ny Repoblika entim-bahoakan'i Kongo, mba hihaona amin'io Reine de la Côte io, teo amoron'ny ranomasina Atlantika. Teo no nidiranay tany ambanin'ny ranomasina, nijery ireo biraony sy ny mpanompony.

Lazaiko eto fa ny Reine de la Côte dia mandehandeha aty an-drenivohitra, amin'ny endrika amam-bikàn'ny olona. Izany hoe amin'ny vatan'ny olona, mba hisintonana ireo mpanenji- behivavy ary maka azy ireo an-keriny. Izay manao firaisana ara-nofo aminy dia hidiran'ny fanahy ratsy ka voahozona amin'ny androm-piainany rehetra. Ny lamaody izay mahafinaritra anaovan'ny tovovavy ankehitriny dia avy amin'ny Reine de la Côte avokoa.

Tany ambanin'ny tany no nahitako zavatra maro samihafa ihany koa. Misy orinasa sy olona mpamorona môdeli-na fiara tsara tarehy, na fitaovana maro samihafa lafo vidy. Rehefa vita ireny môdely ireny dia entiny ety ambonin'ny tany mba hamboarina na harafitra. Misy koa toerana malalaka (Parc) izay hanamboarana télé sy radio ary fitaovana momba ny tokantrano maro .Dia nahita efi-trano Iehibe fanaovana fikarohana, sy manam-pahaizana tahaka an-dry Einstein, ry Archimède sy olona maro hafa ihany koa aho, izay mandrindra fatratra ireo zavatra voaforona sy ireo formule maro isan-karazany. Ary nitsidika trano iray lehibe mizara efitra 3 aho "Ny chambre noire", izay famonoana ireo voatendry.

Ny "Chambre intermédiaire" no hasiana ireo voatondro, ary fihazina mba hahazoana ny rano amin'ny vatany, ka ny rano izay azo dia mandalo any amin'i Losifera ka tonga hatrany amin'ny Papa, ary ataon'ny Papa ao anatin'ny tavoahangy ka antsoina hoe "rano voahasin'ny Papa" (l'eau bénite par le pape).

Ny vatan'ilay voatondro avy eo dia afindra any amin'ny "chambre de sechage", mba ho dorana, ka ny lavenona atambatra amin'ny lavenon'ny rameva, izay ampiasaina sy akasika amin'ny handrin'ny mpino rehefa tonga ny andron'ny "mercredi des cendres" na ny andro lavenona.

Nijanona tany ambanin'ny tany roa herinandro aho mba hahazatra ahy amin’io toerana io, izay vao nihazo ny tany . Ary tsy nisaraka tamin'i Losifera aho tamin'izany fa niaraka foana izahay tamin'ny Mercedes iray Iehibe izay tsy tena fiara ara-dalàna.

Nandeha tany amin'ireo toerana iray malaza, ao Kinshasa izahay; tahaka an'i Kimpwanza, Vis-à-vis, Hotel Inter-continental sns... Tany no nangalanay vehivavy, ary maty ireny rehefa afaka volana vitsivitsy. Tadidiko tao anatin'ny maro, vehivavy iray antsoina hoe Basosila, izay ho faty any Kikwit fotoana vitsivitsy aty aoriana. Teo amin'ny fidiran'ny toeram-pisotroana, Losifera dia nametraka mpanjaka vavy mitanjaka mba hamosavy ireo izay tonga misotro**.**

**<u>Ny fampiraisana ny fiangonana sy ny hery politika eran-tany</u>**

5 May 1985 dia nanao fanasana ho an'ireo ngezalahy eto amin'izao tontolo izao i Papa Joany II. Anisan’izany ireo mpitoriteny hoe Evanjelika, nefa miasa ho amin'ny tombotsoany manokana. Ny toerana voafidy amin'io fihaonana io dia Nairobi any Kenya.

Olona 800 000 no nivory nandritra ny fitsidihan'ny Papa. Ny asa tokony atao dia ny tokony hampiraisana ny fiangonana sy ny fampitambarana ara-pôlitika izao tontolo izao, eo ambany fahefan'ny Papa. Nandritra ny fivoriana izay teo ambany fitarian'ny papa, ny 01 Jona 1985, dia nanapa-kevitra ny hanafoana tsy ho ao amin' ny Baiboly andinin-tsoratra izay voalaza etsy ambony. Ary nony afaka kelikely dia nanapa-kevitra ny hanonta Baiboly vaovao izay tsy misy ireo-andinin-tsoratra ireo intsony, antsoina hoe "JEROSALEMA''.

Ny papa izay natosiky ny hevitr'izao tontolo izao dia nanamafy ny fiandrianany mba ho tompoina tahaka an' Andriamanitra. Ary ny mpaminany sandoky ny fandriam-pahalemana tsy izy, dia manao izay ho afany mba handresen-dahatra an'izao tontolo izao, mba ho eo ambany fahefan'ny papa ***(I Tes 5: 3).*** Io mpaminany sandoka io dia tsy iza akory fa ny mpamorona ny "Perestroïka" Andriamatoa Mikhael Gorbatchev izay nomena prix Nobel de la Paix, tamin'ny octobre 1990.

Ny papa dia eo am-pandresen-dahatra ireo lehibem-pitondram-panjakana rehetra, eran'izao tontolo izao, mba hampiasa fomba fitondrana mifanaraka amin'ny tanjony. Ary amin'ny alalan'ny harena be izay ananany no hahafahan'i Vatican manao izay tiany atao amin'ireo mahantra sy amin'ireo firenena sahirana ara-toe-karena.

Ny fampiharana ny mariky ny bibidia, dia atao amiin' ny fomba 2:

- ny marika voalohany dia atao ara-panahy, amin'ny alalan'ny fahalovan'ny moraly sy ny toe-tsaina ary ny fanariana na fialana amin'ny lalan'ny fahamarinana. Ireo dia mifandray amin'ny toetoetra 18, azo tsinjaraina ho vondron’isa 3 izay miisa 6, manome ny isa 666, izay voaisa sy voamarika ao amin'ny ***II Tim 3: 2-4 : "Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona , miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny (6 voalohany), tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam- pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po ( 6 faharoa ), lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia fahafinaretana mihoatra ny fitiavany an' Andriamanitra ( 6 fahatelo)."***

- Ilay marika anankiray dia amin'ny vatana na amin'ny fihetsika ivelany, na marika entina eny amin'ny tena (eny amin’ny handrina na tànana) hahafahana mamantatra izay an'ny bibidia.

Raha misy zanak' Andriamanitra izay tafiditra ao anatin'ireo toetra voalaza etsy ambony dia tokony hibebaka sy hifona amin'ny fony rehetra izy mba havotan' Andriamanitra, satria io marika ara-panahy io no mitondra any amin'ny marika ara-batana izay tsy azo hialana intsony, satria efa manana ilay marika ara-panahy izy. ***" Sambatra ny malahelo am-panahy fa azy ny fanjakan'ny lanitra". Mat 5:3)***

**Ny Antikristy sy ny marik'ilay bibidia**

Ny 29 aogositra 1985, dia voasoratra teo ambany fahefan'ny Papa, ny voalohan-dalàna 16, izay manamarina ny zavatra ho avy araka izay voasoratra ao amin'ny bokin'ny **Apokalipsy 13: 16-18**. Satria aho nandray anjara mivantana tamin'io fivoriana io, izay hanomanana ny famoahana ireo volavolan-dalàna ireo, dia indro omeko anao eto ambany ny dikan-tenin'ireo lisitra misy ireo volavolan-dalàna 16 ireo izay notsoahina avy amin'ny tatitra na process verbal-n'io fivoriana io, nosoniavin'ny papa Joany Paoly II:

- Andininy 1: Tsy misy olona mahazo mandefa taratasy amin'ny alalan'ny paositra raha tsy manana ilay marika.
- Andininy 2: Tsy misy olona mahazo miasa amin'ny orinasa raha tsy manana io marika io.
- Andininy 3: Tsy misy zaza afaka mianatra any an-tsekoly raha tsy mitondra io marika io ny ray aman-dreniny.
- Andininy 4: Ny fitaovam-piadiana rehetra dia apetraka eo ambany fahefan'ny fikambanana iraisam-pirenena tokana, ary tsy misy olona afaka mividy na mivarotra raha tsy misy io marika io.
- Andininy 5: Tsy misy olona afaka mividy na mivarotra sakafo na mandraharaha amin'ny fambolena raha tsy misy io marika io.
- Andininy 6: Tsy misy olona afaka mifandraharaha amin'ny banky raha tsy misy io marika io.
- Andininy 7: Raha misy tsy manaiky na manohitra ireto volavolan-dalàna ireto dia ho faizina mafy izy ary miafara hatramin’ny famonoana azy ho faty izany.
- Andininy 8: Tsy misy olona afaka manao voyage raha tsy manana io marika io.
- Andininy 9: Ireo sambon-danitra sy ireo fitaovana rehetra entina manao fikarohana eny ambony tsy taka-maso eny dia hapetraka eo ambany fahefan'ny fikambanana iraisam-pirenena tokana.
- Andininy 10: Tsy misy olona afaka manondrana na manafatra entana raha tsy misy io marika io.
- Andininy 11: Tsy misy afa-tsy vola tokana ihany no ampisaina eran'izao tontolo izao.
- Andininy 12 : Tsy misy afa-tsy fiangonana tokana ihany ary ny mpikambana ao amin'io fiangonana iraisam-pirenena io dia mankalaza ny fotoam-pivavahany andro mitovy dia ny "Alahady".
- Andininy 13: Ny fahantrana sy ny tsy fisiana dia ho fongotra, ary ny toe-piainana any amin'ireo tany an-dalam-pandrosoana dia hihatsara.
- Andininy 14: Tsy misy mahazo mihaza na manjono raha tsy misy io marika io.
- Andininy 15: Ireo orinasa izay misahana ny fitaterana maneran-tany dia voakarakara manokana.

- Andininy 16 : Tsy misy olona afaka mahazo fitsaboana any amin' ny hôpitaly raha tsy manana io marika io.

**FIZARANA 6: NY NIOVAKO FO**

**Nihena ireo asa nosahaniko**

Tamin'ny faran'ny taona 1984 dia tsapako fa raha nangataka teti-bola iray aho dia tsy nahazo intsony afa-tsy ny ampahafolon'izay nangatahiko. Nampikorontana ahy izany noho ny tsy fahazoako ny antony. Izany no nahatonga ahy hanapa-kevitra ny hiverina any Kananga mba hanamarinana any an-toerana ny fandehan-javatra. Nefa tsy nitranga io fotoana ahafahako mankany io. Voalohany, nesorina tamiko ilay tapis izay ahafahako manao voyage, ary tsy nanana vola afa-tsy kely fotsiny sisa aho. Nanjavona ihany koa ilay vata fifandraisana telefonika, ary tsy nanana fomba fifandraisana intsony aho afa-tsy ny vavaka sy ilay rojokely.

**Fitodiana vaovao**

Tamin'ny fiantomboan'ny volana aogositra 1985, dia nitsidika zanak'olo-mirahalahy, tany amin'ny faritry Ngaba aho, any amin'ny n°20, laLana Kingulu . Ny vadiny dia nangataka ahy mba hanaraka azy any amin' ny fotoam-pivavahany. Dia nataoko tao am-bavako ilay hazo fijaliana tamin'ilay rojokeliko, mba hanomezan'i Bombard alalana ahy amin'io. Namepetra ahy tsy handeha anefa izy. Dia namorona anton-javatra tsy ahafahana aho mba hialako, tamin'ny filazana ny fahamaikako, nefa nampanantena azy aho ny hiaraka aminy amin'ny manaraka. Herinandro iray taorian'izay, dia nandalo tany indray aho ary mbola namerina ny fanasany ahy ilay zaobaviko. Dia narirarírako teo indray izy, rehefa avy avy niantso an'i Bombard aho.

Ary raha mbola niverina tany indray aho dia nikiry nanasa ahy ihany izy. Tamin'io andro io, dia tsy namaly ahy intsony i Bombard raha niantso azy aho. Dia nanapa-kevitra aho fa hanaraka ilay zaobaviko. Tonga tamin'ny lalan'i Kaziama N°42 ao Ngaba izahay tamin'ny 4 ora sy sasany hariva dia niditra tao amin'ilay faritany izahay, ka nahita tanora maromaro nively amponga, ray aman-dreny miandry ny fanomboan'ny fivoriana eo am-pamakiana mangina ny baiboliny. Ny fahazendanako noho ny fahitako ny toerana nalehako dia nanakianako ilay zaobaviko tamin' ny nitondrany ahy tamin'ny toerana fanaovan-dratsy. Nijanona teo amin'ny fidiran'ilay faritra aho ary nanomboka nizaha ara-panahy ny toerana izay nisy ahy. Tsy nahavita nifandray tamin' ny tontolo tsy hita maso anefa aho mba hamantarako ny toerana misy ahy.

Tamin'ny 5 ora hariva dia nanomboka ny fotoam-bavaka: hira fitondrana am-bavaka sns… Niezaka foana ny nanandrana sy hahafantatra izay dikany marina amin'ny zavatra natrehako aho nefa tsy nisy vokany.

Nandritra ny vavaky ny olona dia natsotrako ny tanako, izany hoe ny tanako ara-panahy, mba hisakanana ny vavaka. Kinanjo nahatsapa afo mahery nandoro ahy aho. Nandamoaka avokoa ny andrana rehetra izay nataoko, ary tsy nisy azoko natao afa-tsy ny mijery an-dry zareo nanohy mivavaka. Nony vita ny vavaka dia nisy fangatahan' ny mpivory, mba hiandry ny faminaniana. Vetivety foana teo dia nisy rahalahy nanomboka naminany, izay nahakasika ahy mivantana.

Izao no voalazan'io faminaniana: "Ny rahalahintsika izay mijoro ery am-baravarana dia tena tian'ny Tompo tokoa ary ny Tompo te-hampiasa azy ary mangataka aminy zavatra iray Ioha: mba hiova fo sy hiverina amin' Andriamanitra izy ary ariany ny fampiasana ny majika. Handao azy avokoa ireo fananana izay azony tamin'ny majika nefa ny Tompo hiaraka aminy. Mitondra kitapo rovitra aho hoy izy, izay entina hanazavana ny fahaverezan'izay zavatra azoko tamin'ny majika. Nony avy eo dia milaza izy fa mahita vilia miodina eo anoloako, izay midika fa Andriamanitra mametraka ahy amin'ny fiainana milamina raha manolo-tena ho Azy aho, ary hametraka ahy amin'ny asa fanompoana Azy. Taitra mafy aho tamin'ny nandrenesako an'io zazalahy io izay namakafaka ny fiainako iray manontolo nefa ny tena rahalahy sy anabaviko eto Kinshasa dia tsy mahalaIa na inona na inona, ny tena momba ahy marina.

Resy lahatra tanteraka ny amin'io faminaniana io ny ato anatiko dia niahiahy ny amin'ny fototra marina niavian'io faminaniana io. Ary tezitra tamin'io rahalahy io aho ka niandry ny andro ho alina mba hahafahako mamono azy.

Taorian'ny fivoriana dia nisy mpanompon'Andriamanitra nampahery ahy nefa fantatro tamin’ny fomba izay nananako fa tsy nahitsy teo anatrehan 'Andriamanitra izy, dia nanao vavaka aho mba handrebirebena ny sainy ka tsy nahateny zava-dehibe tamiko intsony izy. Izany no tokony hahamasina sy hahavonona mandrakariva ny mpanompon'Andriamanitra.

Nanomboka tamin'io andro io dia very sy nanjavona avokoa ny akanjoko rehetra, satria avy tany amin'ny tontoIo tsy hita maso izy rehetra. Dia toy izany koa ny amin'ny akanjona Pretrako. Nanjavona ihany koa ireo vata 3, feno vola izay nampiasaiko ary nifandimby simba ireo fiara nananako.

Tafalatsaka tao anatin'ny adin-tsaina lalina aho ary tsy nanana fifandraisana intsony tamin'ny tontolo tsy hita maso na dia mbola teo amiko aza ilay rojokely majika, vovoka majika ary ny bokikely misy vavaka.

**<u>Nantsoin'i Jesosy ho eny aminy aho</u>**

Indray andro, tamin'ny 4 ora hariva, raha nitoetra irery aho nanao ny drafi-tsarin'ny fandaminana ny orinasa izay hatsangako miaraka amin'ny tontolo tsy hita maso, nefa tsy fantatro ny ho fiovan' ny fandehan-javatra. Nandre feo niantso ahy aho nefa tsy fantatro izay niaviany. Noheveriko fa ho nofinofy ihany izany na feo sendra nandalo ka dia notohizako ihany ny asako. Nony afaka kelikely, tamin'ny 2 ora maraina, dia naheno feo niantso ahy indray aho. Nitsamboatra mafy aho fa noheveriko ho I Bombard ka dia nankany amin'ny trano fivoahana aho kanefa tsy nisy na iza na iza. Niverina in-2 nifanesy izany, nanapa-kevitra ny tsy hamaly intsony aho. Dia mbola henoko indray io feo niantso ahy io. Nohenoiko tsara fa tsy feon'i Bombara io fa feo malefaka sy mahafinaritra, feno tambitamby nangataka ahy ny handaozako izay sisa.

Nanontany azy aho hoe iza izy. Dia novaliany hoe: **Izaho no Tompo Jesosy Kristy….. lzaho Jesosy no miantso anao**. Amiko dia toy ny zavatra tsy azo heverina izany miresaka amin'i Jesosy Kristy! Tsy fantatro hoe avy aiza ny hahafahako manomboka izany, nefa dia zava-misy tsy azo lavina.

Zava-misy izay mbola navesa-danja lavitra noho ny tontolo tsy hita maso fantatro izany. Hatramin'izay dia tsy mbola naheno mihitsy aho hoe miresaka amin'ny olombelona Jesosy hatramin'izay niakarany tany an-danitra. Niady saina aho tamin'io alina io ary tsy tafatombina ka nanandrana ny hahazo ny toe-java-nitranga, nefa tsy nisy vokany.

Niantso an’I Bombard aho nefa tsy afaka nifandray taminy intsony. Nahatsapa tebiteby lalina aho, nefa nisinda izany tamin'ny fomba tsy fantatro.

Ary nony nihaona tamin'ny anabaviko Thérèse aho dia natorony ahy ilay adiresin'ilay fiangonana tany Bandai, ao amin'ny n°39 làlana Kinkola. Dia nandalo tany aho mba hanamarina ireo. Ary dia nahita olona feno vavaka, nefa dia nandeha nody aho aloha .

Nony ampitso dia niverina tany aho ary ny tenin'Andriamanitra izay notoriana tamin'io fotoana io dia nahakasika ny foko. Io teny io dia notorian' ny rahalahy Beya WETU, milazalaza ny fomba nanomanan'ny mpaminany Elie ny fanatitra ho dorana, ary ny niantsoany an’Andriamanitra mba handevonany ilay fanatitra ***(I Mpa 18: 30-40).***

Naharitra tamin'ny fivavahana aho, ary tamin'ny volana octobre 1985, dia nahazo taratasy avy any amin'ny zandriko avy any Kananga, milaza fa ny tany izay tany amin’ny faritra ny hôpitaly dia notazonin'ny olona mpikarakara ny momba ny tany. Nangataka ahy izy ny hiverina any Kananga, mba hijery vahaolana ny amin'izany. Azoko tsara fa ny faminaniana voalohany no tanteraka. Nanjavona ihany koa ilay solomaso majikako. Tany amin'ny rahalahy Badibanga izy tamin'io andro io. Ary rehefa niteny ny amin’ny fahaverezany izy dia tsy namaly azy aho satria efa fantatro ny fandehan-javatra.

Tamin'io taona io ihany, tamin'ny asa fibebahana tany Bandal, dia tsy nilaiko intsony ny nihazona izay zavatra sisa taty amiko. Nataoko ny hanomezana rahalahy iray, ilay rojokely sy ilay boky kely misy vavaka, ary io no fisarahako tamin'ny majika.

Volana vitsy taty aoriana, nanoratra ho ahy ny papako fa ny vadiko dia nandositra ny tokantrano ary namela ny ankizy tamin'izy ireo.

**<u>Herintaona niadiana ho fahafahana amin’ny ratsy</u>**

Nanadino tanteraka ny zavatra rehetra aho mba hahafahako manomboka hatramin'ny voalohany indray ny fiainako. Tsy mora ny nizaka izany, ny tanan' Andriamanitra dia teo amiko mandrakariva, nanasaraka ahy tamin'ny loza. Nentin'ny antoko iray am-bavaka aho, izay tany amin'ny faritry Bandalungwa ka tany no nahazoako fahafahana tanteraka. Herintaona no nahafahana ahy. Rehafa misy mpanompon'i Satana iray mandao ny tompony dia ataon'io tompony io, na ny devoly, izay tsy hampandeha ny raharaha rehetra izay niandraiketany hahatonga azy ho voaroaka amin'ny asany. Andefasany mosavy na aretina amin'ny alalan'ireo demony, ka izy ihany koa no manolon-tsaina io olona io ny mba hialana amin'ny Tompo, satria araky ny filazany dia ny fanarahana ny Tompo no mahatonga ireo zava-dratsy ireo.

Nandalo tamin'izany fitsapana rehetra izany aho ary nandalo andro maro iray manontolo tsy nihinanan-kanina. Na dia ireo izay tokony hanavotra ahy aza dia nanidy ny varavarany tamiko. Tsy nanana pataloha sy kiraro ara-dalàna intsony aho ary ny devoly dia te-hampikorosy fahana ahy tao amin'ny fahantrana nandritra io fotoana io, ny saiko dia voafehin'ireo demony izay namerina tamiko ireo sarin'ny fahafinaretana sy ny fiadanako lasa ka nanolon-tsaina ny hiverenako any amin'ny làlany. Ary tsy maintsy nila vonjy tamin'ireo rahalahy izay niharitra sy nitondra am-bavaka ahy aho mba hialako amin'io fanangolena io. Nandritra io fotoana fanenjehana lehibe io, ny demony sy ny namany dia nikasa ny hamono ahy noho ny tahotra ny anaparitahako ny tsiambaratelony. Demony an'arivony no nanafika ahy, eny na ara-batana aza, ary nandrahona ahy ho faty. Isaorana anie ny Tompontsika JESOSY KRISTY, izay nihazona ahy teo an-tanany.

Niverina teo amin'ny molotro ny tsiky na dia tsy nisy antom-pidiram-bola aza. Ny Tompo dia nanatanteraka tamin'ny fotoany ireo asa izay nomaniny ho ahy ka nanome ahy tsikelikely ny fanomezam-pahasoavana maminany, fanasitranana, mahafantatra fanahy samihafa ary ny mampianatra.

Rehefa nanomboka nanompo ny Tompo aho dia mbola tsy fantatro mihitsy ny sitrapon'i Jesosy Kristy ho ahy. Nitady asa aho mba hisondrotako, nefa tsy nahomby izany. Ny Tompo anefa dia nampahafantatra ahy tamin'ny alalan'ny rahalahy iray fa nantsoiny aho mba hanompo Azy amin'ny fotoana rehetra. Noho ny famindrampon'ny  Tompo dia nanambady indray aho satria ny vadiko voalohany dia nomen'ny tontolon'ny fahamaizinana ary nanana fitsaharana lehibe izahay na dia tsy nanana million be mba nivelomana aza .

Narary ny vadiko ary tsy fantara mihitsy izay aretina nahazo azy, na dia manaintaina fatratra aza. Nivavaka tamin'ny Tompo izahay ary dia nositraniny izy. Dia nandalo tsy fisiana izahay izay niserana toy ny rahona.

Ankehitriny dia afaka milaza miaraka amin'ny Paoly Apostoly aho hoe ***"Nefa izay azoko ho tombony, dia nataoko ho fatiantoka kosa, noho ny amin' i Kristy. Eny tokoa, fa nataoko ho fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran'ny  hatsaran'ny fahalalana ny Tompo Jesosy Kristy" (Fili 3 : 7-8)***

Hatramin'ny mason'andro anio, dia variana amin’ny voninahitr' Andriamanitra eo amin'ny fiainako aho. Fa hoy izy: ***"Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory" Heb 13: 5b***

Misaotra an' Andriamanitra aho noho ny fitiavany izay nasehony ahy, tamin'ny nisintonany ahy tao amin'ny lavaky ny fahaverezana nanarona ahy, ary nanaovany ahy ankehitriny ho mpiambina ny vahoakany ary ny nilazany tamin'ny faminaniana ny momba ahy. Ny firaisantsika dia ao amin'ny Ray sy ny Zanany Jesosy Kristy **( 1 Jao 1 : 3**). Manao antso avo amin'ny foko rehetra aho hanasana ireo rehetra izay mbola ao anatin’ny rafitra Katôlika Rômana sy ireo mpiara-dia aminy, ary koa ireo mpamosavy sy ny mpanao majika. Mangataka an-tanan-droa azy ireo aho mba hialany amin'izany satria tsy misy fiainana ao amin’ireo. Ny Tompo handray azy ireo.

***“Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah. Ary aza manedry izay zavatra tsy madio, ary Izaho dia handray anareo, ary ho Rainareo aho ary ianareo ho zanako vavy, hoy Jehovah Tsitoha» (II Kor  6 : 17-18)***

Velona ny Andriamanitsika, Mpanjakan’ny mpanjaka, Tompon’ny Tompo, mamindra fo amin’izay tiany Izy, ary ny planiny dia famonjena sy fiadanana ho an’izay rehetra mino azy.

# FAMARANANA

Rehefa novakianao ity boky ity, ka tsy mbola manana antoka ny amin'ny famonjena anao ianao, na handova ny lanitra raha tonga tampoka aminao ny fahafatesana ankehitriny, dia tokony hibebaka avy hatrany amin'ny fahotanao ianao. Mila mitodika amin'ny Tompo Jesosy Kristy ianao ka lazao amin'ny fonao izao vavaka tsotra izao:

« Tompo Jesosy o! Fantatro fa mpanota aho ary tsy niahavonjy ny tenako amin'ny asa soa ataoko. Fantatro fa ny helo no mendrika ho ahy. Manenina ny amin'ny fahotako rehetra aho, ny amin'ireo fanompoan-tsampy rehetra nataoko na ireo zavatra sy fomba voaozona rehetra nataoko. Mangataka Anao aho hamela ahy. Sasao amin'ny ranao sarobidy ny fahotako rehetra. Amin'ny finoana, dia raisiko ho Tompoko sy mpamonjy ny fiainako Ianao ankehitriny, ary koa ilay hany fanantenako tokana ho famonjena ahy. Midira ato am-poko ankehitriny ary vonjeo aho araka ny teny fikasanao. Soraty ao amin'ny bokin'ny fiainanao ny anarako. Mangataka izany rehetra izany aho ao amin'ny anaranao sarobidy, ary misaotra Anao aho noho ny famalianao ny vavako. Amen»

**<u>Ireto ihany koa dia tsy maintsy hataonao:</u>**

• Atsaharo avy hatrany ny fanaovana ireo fomba taloha: Majika, ody ratsy, fanompoana an' i satana, fanompoan-tsampy isan-karazany.

• Dory na poteho avokoa ireo zavatra, na boky na tahirin-kevitra mifandraika amin' ireo fomba ireo.

• Mamonje vondrona na fiangonana kristiana marina izay afaka hanao Batisan'ny rano, araka ny andidian'ny Tompo; ary koa handraisanao fampianarana ny tenin'Andriamanitra marina hahatonga anao ho mpianatry ny Tompo marina.

**NY TOMPO JESOSY KRISTY ANIE HIARO SY HITAHY ANAO**

**HO AVY TSY HO ELA IZY**

**NY RAHALAHY BAKAJIKA NKUBA**